

HERINANDRO  
FIARAH-A-MIVAVAKA

8-15 Jolay  
2023



Ny Fiangonana:  
*toerana hifandraisana*

Dr Daniel Jennah



Departemantan'ny Fifandraisana/ PARL  
Ranomasiombe Indianina



# Ny Fiangonana: *toerana hifandraisana*

---

Nomanin'ny  
Departemantan'ny Fifandraisana/ PARL  
Ranomasiombe Indianina

Ny MPANORATRA



Dr Daniel JENNAH



Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrarin'ny Antananarivo  
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99  
e.mail <imprid@mea.adventist.mg>  
Voatolotra ara-dalàna: 634-D/05.23  
Ny Natonta: 6203 isa

## FAMPIDIRANA

*Miaina ao anatin'ny tontolo feno rotoroto ny olona rehetra tsy ankanavaka ankehitriny, na amin'ny sehatry ny asa aman-draharaha izany na amin'ny sehatry ny fianarana ihany koa.*

*Etsy ankilany anefa, noho ny firoboroboan'ny teknôlôjia, dia revo ary variana ao anatin'izany ny rehetra, koa indro mihen-danja ny fifandraisana, indrindra ny ao an-tokantrano. Tsy hita intsony ilay takariva amorom-patana. Samy maka ho azy ny rehetra. Ary hita sy tsapa ny fitotonganana ara-môraly; eny, amin'ny lafiny maro mihitsy aza.*

*Mahakasika izany indrindra ireo lohahevitra hodinihintsika mandritra izao herinandron'ny fifandraisana izao. Hamerina indray ny lanja sy ny maha-zava-dehibe ny fifandraisana.*

*Ny mpanoratra moa dia ny Docteur Daniel Jennah, Filohan'ny Federasionan'ny Fiangonana Advanista atsy La Reunion, izay efa nanoratra boky maro rahateo. Manambady ary manan-janaka telo mianadaha izy.*

*Lohahevitra lehibe sy mahaliana maro no hodinihintsika isan-kariva, dia ny:*

- *Manambara ny tenany Andriamanitra*
- *Ny olombelona: Zava-manana aina mifandray*
- *Ny fifandraisana (fanambarana) ara-paminaniana*
- *Miresaka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fiderana*
- *Ny fifandraisana ao an-tokantrano*
- *Ny fifandraisana tsy misy herisetra*
- *Ny Fiangonana: feo manakoako*
- *Fampitana ny Filazantsara Mandrakizay*

*Koa mirary raha mirary ny tenako, ny hahitanao sy ny ankohonanao tombontsoa avy amin'izany ary hanamafy indray ny fatoran'ny fifandraisana eo amin'ny tsirairay.*

*Pasitora RAKOTONANDRASANA Rado  
Talen'ny Departemantan'ny Fifandraisana/ PARL  
Ranomasiombe Indianina*

## MANAMBARA NY TENANY ANDRIAMANITRA



Ny voalohany amin'ireo zavatra roa manan-danja indrindra ianarantsika avy amin'ny pejy voalohany ao amin'ny Baiboly dia ny hoe mifandray amin'ny alalan'ny teny Andriamanitra. Ny hery mamorona ananany kosa no faharoa!

Ny Baiboly dia miantomboka amin'ny teny fampidirana izay miorina manodidina ny matoanteny hoe «mamorona» na «mahary»: tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany! Saingy, tonga tena manan-danja tokoa io matoanteny io manomboka eo amin'ny fotoana nanombohan'ny mpanoratra ny tantara ny fampiasana ny matoanteny hoe «miteny»!

Raha tsy misy ny “fitenenana” ataon'Andriamanitra, dia tsy misy famoronana ho tanteraka, ka izany no mahatonga ny Tenin'<sup>1</sup>Andriamanitra omena lanja lehibe. Mifamatotra ireo matoanteny roa ireo, ary manome toky ho an'ny olombelona izany, satria hitany fa tsy toy ny olona mangina na mijery fotsiny Andriamanitra.

### **Ny zavatra voalohany tokony holazaina: Andriamanitra miteny!**

Eny, miteny Andriamanitra!

Anisan'ireo singa mampiaavaka ny toetrany, ny heriny ary ny fomba fiasany amin'ny zavaboariny izany. Mipetraka araka izany ny fifandraisana, satria amin'ny hevitra ambarany hanoherana ny mpanompo sampy dia asongadiny fa manan-tsofina ny sampy kanefa tsy mandre, ary indrindra manana vava kanefa tsy mahay miteny, satria namboarin'ny tanan'olombelona mahay zavakanto ireny.

Matoa Andriamanitra no miteny voalohany, dia satria avy amin'Andriamanitra ny teny. Tamin'ny voalohany ny *logos*, ny Matoanteny, ny Teny..., izany no holazain'ny apôstôly Jaona aty aoriana (Jao. 1:1). Tsy misy dikany ny maha-Andriamanitra raha tsy noho ny amin'ny Teny izay azy manokana, ary mifandray amin'ny heriny.

### **Ny teny famoronana**

Araka ny hitantsika tao amin'ny fampidirana ny foto-kevitra anio, dia tsy misy dikany ny famoronana raha tsy noho ny amin'ny Tenin'Andriamanitra mahery. Manamarina izany ny Baiboly amin'ny fampahatsiahivana fa “Izy no nandidy, dia nitoetra mafy izany!” (Salamo 33:9).

<sup>1</sup> Mampiasa litera lehibe isika rehefa miresaka momba ny Tenin'Andriamanitra, mba hanavahana azy amin'ny teninolombelona...

Jereo ny fomba nandaminan'ny Teny ny famoronana tao anatin'ny enina andro alohan'ny hitondrany ny fitahiana sy ny fanamasinana ny fahafito (Genesisy 1):

- Ary Andriamanitra nanao hoe: “*Misia mazava; dia nisy mazava.*” (1:3)
- Ary Andriamanitra nanao hoe: “*Misia habakabaka eo anelanelan'ny rano; ary aoka hampisaraka ny rano amin'ny rano izy*”. (1:6)
- Ary Andriamanitra nanao hoe: “*Aoka hiangona ny rano eny ambanin'ny lanitra ho eo amin'ny fitoerana iray, ary aoka hiseho ny maina; dia nisy izany.*” (1:9)
- Ary Andriamanitra nanao hoe: “*Misia fahazavana eny amin'ny habakabaky ny lanitra hampisaraka ny andro sy ny alina; ary aoka ho famantarana sy ho fotoana ary ho andro sy taona ireo. Ary aoka ho fanazavana eny amin'ny habakabaky ny lanitra izy hanazava eny ambonin'ny tany; dia nisy izany.*” (1:14,15)
- Ary Andriamanitra nanao hoe: “*Aoka ny rano ho be zava-manan'aina; ary aoka hisy vorona hanidina ambonin'ny tany eny amin'ny habakabaky ny lanitra. Ary Andriamanitra nahary ny biby vaventy anaty rano sy ny zava-manan'aina mihetsiketsika rehetra, izay efa betsaka ao amin'ny rano, samy araka ny karazany avy, ary ny voro-manidina rehetra, samy araka ny karazany avy. Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany.*” (1:20,21)
- Ary Andriamanitra nanao hoe: “*Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany. Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.*” (1:26,27)
- Ary fiovana ho an'ny faran'ny herinandro famoronana: “*Ary tamin'ny andro fahafito dia vitan'Andriamanitra ny asa efa nataony; ary dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito Izy tamin'ny asany rehetra izay efa nataony. Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy, satria tamin'izany no nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny asany rehetra izay noforoniny tamin'ny nanaovany azy.*” (2:2,3)

Andriamanitra no mandidy ny fiainana mba hisy, toy ny mpandrindra izay manamboatra sy mamolavola ary mandamina. **Fantany** izay **tiany**, **lazainy** izay tiany, ary ny Teniny no mampisy ny sitrapony. Mahagaga tokoa, sa tsy izany?

## **Mitahy Andriamanitra**

Manan-karena teny fitahiana ny tantaran'ny famoronana. Mitarika antsika izany hiaiky fa tsy zavatra azo kasihin'ny tanana fotsiny ny famoronana, mba hanomezana

endrika tena izy, mba hahatonga ny zavatra ho hita vatana. Omen'Andriamanitra tombambidy izay zavatra ataony, indrindra fa ny zavaboariny sasany.

### ***Ny fitahiana ho an'ny biby:***

*“Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa anaka sy mihabetsaha ary mamenoa ny rano ao amin'ny ranomasina; ary aoka ny vorona hihamaro eny ambonin'ny tany.” (1:22)* Mahazo ny fitahiana sahaza azy amin'ny fitomboana (fihabetsahana) manerana ny tany ny biby. Mifandray amin'ireo zavaboary ireo Andriamanitra, ary azo lazaina tsy am-pisalasalana fa tsy misy miafina aminy ny fitenin'ny biby.

### ***Ny fitahiana ho an'ny olombelona mpivady:***

*“Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy; ary manjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany.” (1:28)*

Manohy miteny Andriamanitra ary amin'ity indray mitoraka ity dia mitondra ny fitahiana ho an'ny olombelona noforonina araka ny endriny sy ny tarehiny ny Teniny. Raha mitso-drano ny olombelona Andriamanitra, tamin'ity toe-javatra tany am-boalohany ity, dia ny mba hanomezana heviny, haja, fahalehibeazana ary fahamendrehana bebe kokoa ho an'ilay zavaboary tokana izay noforonina araka ny endriny.

Nandre ny Tenin'Andriamanitra ireo mpivady voalohany tao amin'ny tso-drano voalohany notononina taminy. Ny tsodrano eto dia fampitana ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, mba hahafahan'izy ireo miaina araka ny tokony ho izy ilay fifandraisana vao niorina.

***Ny fitahiana amin'ny Sabata.*** *“Ary Andriamanitra nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy” (Genesisy 2:1–4; Eksodosy 20:8–11)* Tsy fantatsika hoe inona ny teny nolazaina ho fitahiana tamin'izany, saingy miraikitra ao an-tsaintsika ny fiantraikan'io fehezanteny io. Ny andro fahafito no andro tokana amin'ny herinandro mitondra fitahiana sy nohamasinina. Midika izany fa na misy aza ny manapa-kevitra hisafidy andro hafa “hanao Sabata”, izany hoe hitandrina fampitsaharana ny asa ara-toekarena, dia mbola hijanona ho andro mahazatra ihany io andro fitsaharana vaovao io. Tsy misy olona afaka mamindra ny fitahiana sy ny fanamasinana napetraka teo amin'ny andro Sabata.

Mifandray amin'ny alalan'ny teny fitahiana sy tsodrano Andriamanitra. Vaovao mahafaly ho antsika olombelona ny fahafantarana fa ny famoronana ny olombelona sy ny Sabata nomena azy dia nitondra fitahiana hatrany amin'ny famoronana!

## **Miantso Andriamanitra**

Ny teny hoe antso eto dia mitovy fototeny amin'ny teny hoe “vocation” (avy amin'ny teny latinina *vocare*, “mihiaka”, “miantso”). Ny teny hebreo hoe *qahal*, “mihiaka”, “miantso”, dia ahitana koa ny hevitra ny fifaneraserana, ny

fifandraisana. Ny teny grika hoe *kaleo* dia mitovy fanononana ary nitoetra amin'ny endrika hoe “to call” amin'ny teny anglisy. Ny *Qahal* ao amin'ny Testamenta Taloha dia manondro koa ny fivorian'ny fiangonana. Ny teny hoe *kaleo* dia hita indray ao amin'ny *ekklèsia*, “nantsoina hiala”, na “avy amin'ny” izay manome ny teny mahazatra hoe “église” na fiangonana.

Ankapobeny, ny fitenintsika dia mampifandray ny teny hoe fiantsoana amin'ny asa toy ny an'ny pasitora na ny an'ny dokotera. Mifamatotra amin'izany ny hevitra momba ny asa fisoronana, ny fahafoizan-tena, ary tsy diso izany.

Rehefa miresaka momba ny fiantsoana ao amin'ny Baiboly isika dia miresaka momba ireo izay mandre ny antson'Andriamanitra. Anisan'ireo ohatra miavaka indrindra ny an'i Noa, Abrama, Jakoba, Josefa, Mosesy, Samoela, Gideon, sns. Mivantana matetika ny fomba fifandraisana, indraindray ankolaka, kanefa azon'ilay olona voakasika mandrakariva.

Na izany aza, ny fiantsoana dia midika ho fitokiana an'Ilay miantso, matoky ny fahamarinan'ny antso, matoky ny fanatrehan'Andriamanitra eo anilany.

Mariho fa tsy miantso olona tonga lafatra, izay mahalala ny zava-drehetra na efa nahatakatra ny zava-drehetra ary tsy misy na inona na inona tokony hianarany intsony Andriamanitra. Tsy mampiditra ny olona amin'ny fifaninanana na amin'ny fampitahana ihany koa izy ary avy eo mifidy izay tsara indrindra. Rehefa miantso olona izy, indrindra ireo voatanisa etsy ambony, dia miantso azy ireo amin'ny toe-javatra manokana iainan'izy ireo ary miara-mandeha amin'izy ireo mba hanatanterahany ny iraka nankinina tamin'ny.

Manana fomba mivantana hampitany ny antso Andriamanitra. Tsy manao fifampiraharaha izy, fa manao fitakiana. Raha misalasala na manandrana manao ny mifanohitra amin'izany ilay olona, dia maninjitra ny tanany izy hanatratra azy, toy ny nataony tamin'i Jona. Midika izany fa mifampiresaka mazava amin'ny olona antsoiny Andriamanitra, satria fantany hoe *nahoana* (antom-pisiana) ary *ho amin'ny* inona (tanjona) no iantsoany olona toy izany fa tsy olon-kafa.

## **Miteny amin'ny alalan'ny famantarana Andriamanitra**

Ampitaina amin'ny alalan'ny famantarana sy tandindona koa ny fanambarana.

Milaza ny Apôkalypsy 1:1 fa manome fanambarana (*apokalypsis*) ho an'ny Zanany Andriamanitra, mba hampahafantarana ny mpanompony izay tsy maintsy ho tonga... Azo adika koa hoe “mampiseho” sy “manambara” (Darby) ny teny hoe “mampahafantatra”, “ary nampahafantatra azy ireo tamin'ny famantarana” (Baiboly Voamarika), izany hoe mampilaza amin'ny alalan'ny famantarana na tandindona sy fahitana (hiverenantsika ny amin'ny fanambarana ara-paminaniana any aoriana).

Ho fanampin'izany, mifandray amintsika amin'ny fomba tsy mivantana Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanolorana ny zavaboary rehetra, manomboka amin'ny kely sy bitika indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra tsy manam-petra,

toy ny hosodoko lehibe velona sady mihetsika mba hibanjinantsika ny heriny, ny fitiavany ary ny fahatokiany. Raiso ho toy ny boky lehibe momba ny herin'ny famoronana ny zavaboary izay mbola mampitolagaga antsika hatramin'izao. Ankoatra izany, i Davida mpanao salamo mihitsy no nihiaka hoe:

*“Ny lanitra mitory ny voninahitr’Andriamanitra; ary ny habakabaka manambara ny asan’ny tany.”* (Sal. 19:1).

Voalaza any an-kafa koa fa vavolombelon’ny fahatsaran’ny Tompo ny zavaboary; ary ny asany no manambara Azy.

Ireto misy andininy sasany tsara dinihina izay ahafahana mianatra:

*“Indro, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany.”* (Jeremia 32:17);

*“Tany aloha no nanorenanao ny tany; Ary asan’ny tananao ny lanitra.”* (Salamo 102:25);

*“Fahendrena no nanorenan’i Jehovah ny tany, Ary fahalalana no nampitoerany ny lanitra.”* (Ohabolana 3:19)

*“Fa Hianao no nahary ny voako; Namolavola ahy tao ankibon-dreniko Hianao. Hidera Anao aho; fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy; Mahagaga ny asanao; Ary fantatry ny fanahiko marimarina izany.”* (Salamo 139:13,14)

*“Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah’Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin’ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin’ny zavatra nataony; ka dia tsy manan-kalahatra ireo.”* (Rômana 1:20)

Rehefa mihaino olona mamaky ny Baiboly amin’ny feo avo isika, dia toy ny mandeha mamakivaky vanim-potoana ny saintsika ary entina mankany amin’ireo toerana sy toe-javatra ara-Baiboly ireo. Rehefa miresaka momba izany isika, dia toy ny hoe teo isika, mijery sary an-tsaina ny fisehoan-javatra sasany ary tafaroboka tanteraka ao amin’ny tantara na lahateny sasany.

## **Famaranana**


Ianarantsika avy amin’Andriamanitra ny fampiasana ny teny ary hitantsika fa Andriamanitra izay tsy nitsahatra nifandray tamin’ny olona izy, eny hatramin’ny nanehoana izany toetra izany tamin’ny fomba faratampony, rehefa tonga nofo ny teny, ka nonina teo amin’ny olona.



**Saintsaino:**

1. Mino ve ianao fa mitondra ny Tenin'Andriamanitra ny Baiboly?
2. Hatraiza ny fiantraikan'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao?
3. Ahoana no iresahan'Andriamanitra aminao amin'izao fotoana izao?

*Antom-Bavaka:*



## NY OLOMBELONA: ZAVA-MANANA AINA MIFANDRAY

“Mila roa taona isika rehefa mianatra miteny ary ny fiainantsika manontolo kosa mianatra mangina ...” (Ohabolana sinoa).



oharian’Andriamanitra araka ny endriny isika, mba hitovy Aminy. Miteny Andriamanitra, io no hetsika miharihary voalohany indrindra amin’ny tantaran’ny famoronana. Mahay mangina koa anefa Izy.

Ary eo indrindra no misy ny sehatra ianarantsika, toy ny fanafody ho an’ity tontolontsika izay tototry ny zava-drehetra noforoniny ity, ary matetika no voarakotry ny zavatra rehetra tonga mameno ny fiainany andavanandro.

### **Ny teny**

Nilaza i Aristote fa ny olombelona dia biby mahay miteny. Marina fa mifandray amin’ny izy samy izy ny biby, araka ny karazany avy, amin’ny alalan’ny feo maro samy hafa. Kanefa, nifanarahana amin’ny farany fa ny fahasamihafana lehibe indrindra eo amin’ny olombelona sy ny biby dia eo amin’ny fahafahan’ny olombelona maneho sy mifanakalo hevitra mazava. Mihevitra isika fa miavaka ny fitenintsika, eny, ambony noho ny an’ny biby mihitsy aza, indrindra noho ny nahavitantsika namolavola tsy ny fiteny ihany, fa ny siansa momba ny fiteny koa. Manana rakibolana maro isika ary mianatra ny tantaran’ny fiteny mihitsy aza rehefa miresaka momba ny *diachronie* sy *synchronie*. Maro amintsika no tonga manam-pahaizana momba ny *sémantique*, ny *linguistique* ary ny *philologie*, saingy tonga saina ihany isika, ao amin’ireo zavatra tsotra, fa mbola mila mianatra miteny isika, mila mianatra miresaka amin’ny tenantsika... mba hifandraisana tsara kokoa.

Fahafaha-manao manokana ananan’ny olombelona ny fiteny; hainy ny nampivelatra izany, saingy tsy misakana azy tsy hanana olana amin’ny fifandraisana izany.

### **Tamin’ny voalohany**

Ny Tenin’Andriamanitra no teny ren’ny olombelona voalohany! Reny ilay Mpahary miteny, miteny aminy, izany hoe tsy nila namorona teny ny olombelona fa Andriamanitra no nampianatra azy hiteny.

Ny teny voalohany avy amin’ny olombelona dia teny mahafaly, toy ny tononkalo, feno fampanantenana, feno fitiavana, toy ny fifanekena amin’ny fanambadiana.

Henoy izay tenenin' ilay lehilahy voalohany: “*Ankehitriny dia taolana avy amin' ny taolako sy nofo avy amin' ny nofoko ity; ity dia hatao hoe vehivavy - ischa satria lehilahy - isch no nanalana azy.*”

Iza no vehivavy tsy te handre teny toy izany amin' ny andron' ny fanambadiany? Ary ianao? Sa ny mpiara-monina aminao, satria tsy dia maneho fitiavana loatra izy? Ao anatin' io filazana io dia misy ny fitadiavana finamanana, izay miova ho fisakaizana manokana sy fifandraisana akaiky, izay ho tonga nofo iray.

Kanefa, nandoto ireo teny ireo ary nanimba ny fomba fifandraisantsika ny fahotana voalohany. Ny faniriana hanjakazaka amin' ny zava-drehetra sy hifehy ny zava-drehetra dia manimba ny fomba fifandraisana sy ny fiteny mahazatra ampiasaina... Anisan' ny vokatra ny fahalavoana ny fihatahan' ny lehilahy: “Ny vehivavy izay nomenao ho namako”, ka niteraka fahatsapana zavatra hafahafa, fisarahana, faharavan' ny firaisankina. Io fiteny io dia maneho fahasahiranana amin' ny fanekena ny fahadisoan' ny tena ary matetika isika lehilahy dia mitady toe-javatra mandreraka mba hialana amin' ny tsinin' ny fahadisoantsika, izay miafara amin' ny fiampangana, ka mahatonga antsika hanameloka ny hafa sy haneho ny tenantsika kosa ho niharam-boina.

Ny vehivavy kosa no niampangana ilay menarana. Tena mora ny milaza hoe “tsy izaho, fa ... ny hafa!” Azo antoka fa tian' Andriamanitra ny hanala antsika amin' ireny fikorontanan' ny fiteny ireny izay mahatonga ny fomba fifandraisantsika ho tsizarizary.

Nanomboka tamin' ny nandaozan' izy ireo an' i Edena, dia niditra tao amin' ny toe-piainana vaovao ireo ray aman-drenintsika voalohany. Raha jerena akaiky ny fihetsik' izy ireo, dia hitantsika fa nitondra ireto zavatra manaraka ireto tao anatin' ny “entana” nolanjainy izy ireo rehefa nandeha:

- Falahelovana ilay paradisa very;
- Henatra;
- Tahotra;
- Fanalavirana ara-panahy;
- Fanalavirana ara-tsôsialy;
- Tsizarizary ara-pananahana;
- Fiheveran-tena ho ambany;
- Fahatsapan-tena ho meloka;
- Fanamelohana/Fanomezan-tsiny ny hafa;
- Faniriana hanjakazaka ...

Ireo lafiny rehetra amin' ny lovantsika voajanahary ireo dia tonga mba hanakana sy hanelingelina ny fifandraisantsika amin' ilay Andriamanitra sy ny olombelona hafa. Nanimba ny toetrantsika sy nandoto ny tontolo iainantsika ny fahotana. Ny filazana izany dia tsy midika hoe tsy misy na inona na inona azo atao tsy akory, fa vao mainka manjary fotoana tokony handiniansika ny tenantsika, sy hanetrentsika tena eo anatrehan' ny Tompo izany ary hanekentsika azy mba hanabe antsika, hampianatra antsika, eny hanitsy antsika mihitsy aza, mba hahitantsika

fomba tsara kokoa hifampiresahantsika, hampitana ny hevitsika, ny eritreritsika, ny tsoa-kevitsika.

## **Ny lafiny fifandraisana amin'ny hafa**

Rehefa miditra amin'ny fifandraisana akaiky ny olona roa, dia fihaonan'ny fitambaran-javatra roa izany, fifandonan'ny tontolo roa. Ny tsirairay dia mitondra miaraka aminy ny tantarany manokana, ny toetrany, ny fianarany, ny toe-tsainy, ny fomba fiasany, ny filôzôfiyany eo amin'ny fiainana, ny fifaliany, ny alahelony, ny fahombiazany sy ny fahalavoany ary ny fahatsapany izany rehetra izany ao anatin'io fifandraisana manokana io. Ireo entana rehetra ireo dia ho sahala amin'ny valizy na boaty entina rehefa mifindra trano. Misy ireo izay sokafana avy hatrany, ny sasany tsikelikely ary ny sasany tsy sokafana mihitsy...

Mety hampanan-karena na hampahantra kokoa io lafiny fifandraisana io ireny fahasamihafana ireny. Rehefa miara-miasa na mifameno ireo fahasamihafana dia manamafy ny fifandraisana; raha tsy izany dia miteraka fifandirana sy tsy fitovian-kevitra izany mandra-pahatongan'ny fisarahana na ny fifandaozana tanteraka.

Ahoana no ahafahantsika mamadika ny fahasamihafantsika ho fiaraha-miasa, fiaraha-miombona antoka amin'ny fanoloran-tenantsika ara-pifandraisana? Tsy vita ao anatin'ny iray andro izany. Rehefa niteny Andriamanitra fa tonga nofo iray ny lehilahy sy ny vehivavy, dia zavatra roa angamba no tiany holazaina:

- Hianatra hiara-miaina izy ireo, hifampifikitra, hampivelatra ny fahaizany mahita ny tenany ao anatin'ny fitanjahany, ny fahalemeny na ny mahamarefo azy ary hianatra ny hifanaiky ao anatin'ny fahasamihafana miaramiasa;
- Hiteraka nofo iray izy ireo ao amin'ilay zaza izay ho tonga zanaky ny ray aman-dreniny 100%...

Ny tontolontsika ankehitriny, post-môderina, laika, eny azo lazaina koa hoe post-kristianina aza, dia tonga tontolo diso mifantoka loatra amin'ny tena manokana (*hyper-individualiste*). Na eo aza ireo fitaovam-pifandraisan-davitra rehetra misy, dia nanjary niantehitra tamin'ny efijery azo kashina isika, rehefa handefa hafatra, rehefa hizara ny tontolo androntsika, fa mihena hatrany kosa ny fifanojoan'ny fijerintsika. Mbola nanaratsy kokoa ny toe-javatra ny fihibohana vokatry ny valan'aretina Covid-19 tamin'ny alalan'ny fanalavirana ara-tsôsialy noho ny antony ara-pahasalamana. Niainga avy tamin'ny fitsipiky ny fitandremana ka hatramin'ny fitsipiky ny fitehirizana, dia nanjary zatra tamin'ny fanaovana izay fihetsika kely indrindra isika na ny tsy fisian'ny fihetsika fifandraisana mihitsy.

Rehefa mampirisika antsika hiaro ny fontsika mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra ny Baiboly... (Ohabolana 4:23), dia mampitandrina antsika ny amin'ny loza mety hanimba ny fifandraisantsika amin'ny samy olona izy. Mety ho manorina sy mahomby ny fifandraisana, na koa manimba na tsy mahomby. Na miaina ao anatin'ny tontolo tsy tonga lafatra aza isika, dia afaka miaina zava-tsoa sy kanto. Tsy afa-miala amin'ny fifandraisana amin'ny hafa isika amin'ny fiainantsika, izay manampy antsika amin'ny fitsikerana ny tenantsika sy ny fampandrosoana azy.

Ny fifandraisana dia mampianatra antsika hitantana ny tahotsika, ny fahasorenantsika, na hihoatra ny fetrantsika, rehefa manaiky hiankina amin'ny hafa isika. Miaina ao anatin'ny fifampiankinana isika ary tsy mariky ny fahalemena na fahakelezana izany rehefa mangataka fanampiana isika.

## **Ny fomba fiasan'i Kristy**

Nampianatra ireo mpianany i Jesôsy mba hitia tsy ireo naman'ny tena ihany fa indrindra indrindra ireo fahavalo. Mety ho tena lehibe izany fihainana izany, indrindra fa ho an'ireo izay lazaina matetika ho fahavalo, mpifanandrina, na mpanohitra. Ho mora kokoa sy hahafinaritra kokoa ny fiainana eto an-tany raha tsy nanana tsy fahampiana ara-pifandraisana amin'ny mpiara-belona amintsika isika.

Tao anatin'ireo fihainany sy ny fampianarany no nampianaran'i Kristy ireo mpianatra ny toetra sarobidin'ny fifandraisana amin'ny hafa. Mahatonga antsika hiala amin'ny fomba fijery mijajirika sy mangatsiaka momba ny fifandraisan'ny olombelona izany. Amin'ny alalan'ny famelomana ny fifandraisana, no hitazomantsika azy ho velona, mivaingana, tena izy, na dia miditra amin'ny fifanakalozan-kevitra na koa adihevitra mifanohitra aza isika indraindray. Manome lanja bebe kokoa ny fizotran'ny fifandraisana izany satria mianatra maneho hevitra isika, mianatra manitsy azy ireny araka ny fihetsiky ny hafa isika, mianatra manova azy ireny, ary manaiky handini-tena raha toa ka diso isika ary mianatra amin'ny hafa amin'ny fomba fijeriny ny foto-kevitra izay resahina.

Rehefa mianatra miteny isika, mianatra miteny amin'ny tenantsika ary mihaino ny hafa, dia mampitombo ny fahafaha-manao hisian'ny firindrana sy ny firaisankina eo amin'ny fiaraha-monina. Ny rafi-pifandraisana ihany koa dia manorina ny tambajotra ara-piaraha-monina, ary ara-pivavahana vokat'izany, satria ny Fiangonana dia vondrona sôsialy izay ianarantsika miaina sy maneho hevitra. Hiverenantsika indray izany mandritra ny herinandro.

## **Ny fahanginana**

*“Ao ny andro anginana, ary ao ny andro itenenana.” (Mpitoriteny 3:7b)*

Mora kokoa amintsika ny miteny noho ny mangina. Mety ho ny tahotra hahatsiaro ho irery ve izany? Matetika, tsy ankasitrahan'ny olona ny fanginana satria toa mitovitovy amin'ny fahatsapan-tena ho irery. Heveriny fa tsy maintsy miteny hatrany izy satria mahay miteny. Ary ny olantsika, izay noho ny avonavona na ny fieboeboana hatrany, dia te hahazo ny teny farany mandrakariva isika.

Amin'izao fotoana izao indrindra, ny saintsika dia voasarika ho amin'ny fahafahantsika mandaha-teny tsara sy amin'ny fahafahantsika maneho fahanginana mavitrika sy mahaso.

Azontsika tsara noho izany fa ny fifandraisana dia tsy hoe miteny fotsiny ihany, fa mihaino ihany koa, mangina, mianatra “mametraka” fahanginana. Mifandray isan'andro isika, na am-bava na tsia, satria mila mandray vaovao, mampita izany;

mila mampita ny faniriansika koa isika, maneho ny fihetseham-pontsika, milaza ny tsy fitovian-kevitra na ny fomba fijerintsika; manaiky na mandà nefa tsy mitarika fihenjanana na fangatsiahana tsy ilaina.

**Famaranana**


Nahary ny olona araka ny endriny Andriamanitra, mba hitovy endrika Aminy. Vokatry'izany, ny olombelona, araka ny foto-kevitra ny famoronana, dia zavamanana aina mifandray. Nahazo ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny izy, ary ny zava-drehetra dia milaza fa Andriamanitra mihitsy no nampianatra azy hiteny sy haneho hevitra tsara.

Filana fototra ny fifampiresahana eo amin'ny olombelona satria mamela azy handamina ny fiainany andavanandro izany. Koa asaina isika hitantana tsara io sehatra midadasiky ny fifandraisana io, satria misy fiantraikany amin'ny fiainantsika amin'ny lafiny samihafa izany: ara-tsaina, ara-môraly, ara-batana, ara-pihetseham-po, ara-pahaizana ary ara-panahy.

**Saintsaino:**

1. Te hiteny ve ianao amin'izao fotoana izao? Nahoana?
2. Ahoana ny fomba fitantananao ny fampiasana ny teny?
3. Inona no tanjakao amin'ny resaka fifandraisana?

*Antom-Bavaka:*



## NY FIFANDRAISANA ARA-PAMINANIANA



ifandray amin'ny olona Andriamanitra, na dia eo aza ny fahotana. Tsy hoe “hilaza” zavatra fotsiny no hitenenany, fa ambonin'ny zava-drehetra satria te hilaza zavatra ao am-pon'ny olona Izy. Ny fomba miharihary indrindra ao amin'ny Baiboly ho an'ny fifandraisana mahatakatra ny rehetra dia ny faminaniana. Ny fifandraisana ara-paminaniana dia matetika antsoina koa hoe ny fanambarana.

### Ny Faminaniana sy ny Tantara<sup>2</sup>

Ny faminaniana dia mifototra amin'ny ara-Baiboly!

Mety hahagaga na hanahirana ny filazana izany, satria samy milaza ho manana ny mpaminaniny ny kolontsaina ara-pivavahana tsirairay... farafaharatsiny, miainga avy amin'ny faminaniana avy ao amin'ny Baiboly. Ny filazana hoe “faminaniana ara-Baiboly” eo imason'i André VAUCHEZ, izay mpahay tantara, dia ”pléonasme,”<sup>3</sup> izany hoe teny miverina indroa nefa mitovy hevitra ...

Ny tontolo jiosy dia nahazo “faminaniana” sy ireo “mpaminany” avy amin'ny Baiboly sy ireo bokiny ao amin'ny Testamenta Taloha nandritra ny taonjato dimy amby roapolo farafahakeliny, ary ny Kristianisma kosa nandritra ny taonjato roapolo teo ho eo.

Araka izany, ny teny grika hoe *prophètes* dia nipoitra tao amin'ny lahatsoratra ny Baiboly nanomboka tamin'ny taonjato fahatelo TIK rehefa nampidirin'ireo mpandika teny tany Aleksandria izany, niantomboka tao amin'ireo boky dimy voalohany ao amin'ny Baiboly, izay nahazo ny anaran'ny “Pentatioka” avy amin'ny teny grika, ary izany dia taloha lavitra — taonjato iray farafahakeliny — ny nampiasana izany ho an'ireo boky izay lazaina mazava ho ”ara-paminaniana.”<sup>4</sup>

Noho izany, ny anarana *prophètes* sy ny matoanteny *prophèteuô* avy amin'ny teny grika dia tsy voatery hifanitsy amin'ny anarana hebreo hoe *nabi* (sy *nebi'â* raha vehivavy) sy ny matoanteny *nibbe'* (sy *hitnabbe'*), na dia niafara tamin'ny fametrahana ireo dikanteny-heviteny ireo ho teny mitovy aza ny fahazarana sy ny fampiasana azy matetika. Tao amin'ny Pentatioka no tokony niseho voalohany teo imason'ireo nahafantatra ny teny hebreo tany am-boalohany ny teny hoe *prophètes* sy *prophetuô*, toy ny teo imason'ireo izay tsy hijery afa-tsy amin'ny teny grika. Araka ny hitanareo, ny teny frantsay hoe «prophète» na «prophet» amin'ny teny

2 Indraindray hosoratana miaraka amin'ny litera lehibe iray na maromaro ny tantara mba hanehoana sy hanamafisana ny hevitra ankapobeny momba ny planeta tany, amin'ny fifandraisany amin'ny lanitra.

3 André VAUCHEZ, *Prophètes et prophétismes*, t. 23.

4 *Ib.*

anglisy (mpaminany amin'ny teny malagasy) dia nadika avy amin'ny teny grika, miaraka amin'ireo teny iray fiavianana aminy amin'ny resaka *sémantique*.

Ny teny hoe *prophètes* dia avy amin'ny *pro*, «aloha, taloha» sy *phemi*, «mampahafantatra ny eritreritra, manambara, milaza». Ny *Phemi* dia azo ampifandraisina amin'ny teny hoe *phos*, «hazavana, hazavana mivoaka avy amin'ny jiro» ary amin'ny heviny ara-panoharana, dia azontsika lazaina ho «fahamarinana sy ny fahalalana azy, miaraka amin'ny fahadiovana ara-panahy mifandray aminy; izay aseho eo imason'ny olona, ampahibemaso, ho hitan'ny rehetra», ary *phaino*, «mampirapiratra, mazava, manazava». Araka izany, ny hoe maminany dia midika ara-bakiteny hoe «miteny ho an'i», fa koa «miteny mialoha an'i», «miteny eo alohan'i», «miteny amin'ny toeran'i», «miteny amin'ny anaran'i», «manambara», «milaza», «manazava» amin'ny alalan'ny fampitana fanambarana. Moa tsy ny mpaminany ve no miteny amin'ny toeran'Andriamanitra, ho an'Andriamanitra, eo anatrehan'ny olona na vondron'olona, ary tsy miteny mialoha ny hafa va izy, mba tsy hihoarana azy, fa indrindra satria manome teny (fanambarana) azy mialoha ny hafa Andriamanitra? Tsy milalao ankamantatra ny mpaminany, tsy mamorona tantara an'Andriamanitra na *momba an'Andriamanitra* izy, fa mampita izay nambaran'ny Fanahin'Andriamanitra taminy, dia ny Fanahin'ny faminania izany.

Ny fanambarana ara-paminaniana dia miendrika fampianarana, fananarana, fampitandremana, mba hanatanterahana ny andraikiny fototra indrindra izay azo fintinina amin'ny matoanteny roa: mamoha sy manavao!

**Fifohazana sy fanavaozana!** Ireo no teza (*axe*) lehiben'ny faminania am-bava ary rehefa tonga amin'ny endriny hafa, ny teny voasoratra, dia manjary tantara io teny io satria mirakitra ny zava-nitranga, ny olona, ny daty ary ny vanimpotoana, miaraka amin'ireo mpandray anjara miaraka amin'ny mpaminany, toy ny mpandray anjara ho avy.

Raha toa ka tiana aseho an-tsary ny endriky ny faminania ao amin'ny fomba amam-panao ara-Baiboly, dia afaka milaza isika fa ny mpaminany dia mijoro ho mpandika teny sy mpitondra tenin'Andriamanitra. Mipoitra amin'ny fotoana mety indrindra mandrakariva izy mba hanitsy ny fitondran-tena, hanameloka ny fandikana ny Lalàna, hampahatsiahy ny ilana ny fahatokiana amin'ily Andriamanitra tokana, ao anatin'ny fanajana ny fanekena nifanaovan'Andriamanitra sy ny olombelona. Antsoina koa izy hilaza ny ho avy...

Tohanan'ny fanandramana manokana momba ilay Andriamanitry ny Isiraely izay iorenan'ny fahamarinany izy, ka milaza teny mazava, tsy misy fahatahorana ireo mahery sy matanjaka, ary tsy milefitra amin'izay fahefana misy. I Daniela dia niatrika ireny fihaikana amin'ny fandraisana mazava sy ny fifandraisana mirafitra sy voarindra ireny...

## **Ireo toetra mamaritra ny maha-mpaminany**

Voalohany indrindra, marihina fa tsy misy ny filazana ny tena na ny fiantsoana tena ho mpaminany. Tsy amin'ny fanapahan-kevitra ny tenany manokana velively no mahatonga ny olona iray ho mpaminany, fa amin'ny alalan'ny fankatoavana ny



sitrapo manery azy avy any ambony. Ny fiantsoana ara-paminaniana dia tsy hoe «nampoizina»; mety hipoitra ao anatin'ny toe-javatra sarotra izany (ohatra Isaia, Daniela, sns.), avy amin'ny fitaomam-panahy ary eo ambany fitarihan'ny sitrapo izay mahery noho ny tena, eny mihoatra noho ny an'ny mpaminany izay miteny hoe «Izao no tiako» na «Izao no tsy tiako». Andriamanitra no miantso, miteny na manambara ny tenany amin'ny alalan'ny nofy na fahitana.

Faharoa, ny maha-mpaminany dia fiantsoana ho an'ny tena manokana (miavaka isaky ny olona tsirairay). Ny fiantsoana, na amin'ny inona na amin'ny inona, dia tsy azo lovaina; tsy azo afindra amin'ny hafa. Mikasika manokana ilay olona izany, mipetraka ao aminy, mandrakotra ny tenany manontolo, ny saina, ny fanahy ary ny vatana. Tsy mitovy amin'ny niantsoana an'i Daniela ny an'ireo namana mandalo fanandramana sarotra. Ampifandraisina amin'ny fotoan'ny fanelanelanana izy ireo, natsipy tao amin'ny lafaoro mirehitra, saingy tsy misy dikany ara-paminaniana ny fijoroany ho vavolombelona.

Fahatelo, hitantsika fa ny maha-mpaminany dia karazana fiavahana, amin'ny heviny hoe mahatsapa ho tonga olona voaova ilay olona voantso, toy ny hoe voafehin'izay isoaloany toerana tanteraka izy. Araka ny voalaza etsy ambony dia voaovan'ny zavatra iainany ny mpaminany iray. Tsy afaka manao modimody izy. Toy ny hoe *mandrazona* azy ny Fanahy ary ny matoanteny hoe mandrazona eto dia manome sary toy ny hoe misintona ny volo... Tsy azy intsony ny tenan'ilay mpaminany. Rehefa sendra mahita ny fitenenana toy ny hoe “Tonga tamin'i ..... ny tenin'i Jehovah...”<sup>5</sup> isika, io olona io dia tonga fananana misiôneran'i YHWH, (ilay tetragrama masina, nadika tamin'ny teny hoe “Yahweh”na Jehovah), mpitondra ny *teniny*, fampitana ny *hafany* any amin'ireo mpandray. Rehefa miteny ilay mpaminany ka manizingizina amin'ny filazana hoe “Izao no lazain'i Jehovah”, dia tonga feon'i YHWH izy.

Varavarankely lehibe no vohan'ny faminaniana, mba hilazana ny ho avy ary Andriamanitra mihitsy no miantso ireo mpanompo sampy izay mivadika amin'ny fanekena:

*“Iza aminareo no mahalaza izany?*

*Aoka hambarany amintsika ny fahiny taloha;*

*Aoka ho entiny ny vavolombelony hahamarina azy;*

*Ary aoka hihaino ireo ka hiaiky hoe: Marina izany.*

*Hianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah”* (Isaia 43:9,10a)

Rehefa miteny amin'ny anaran'i Jehovah ny mpaminany, dia asehony mazava tsara fa tsy azy velively na ny tenany na ny fanambarana ataony. An'i Jehovah daholo izany! Noho izany, toa miova tanteraka ny fototry ny famaritana ny atao hoe faminaniana, miova ho “ny tenin'i YHWH”, fahamarinana izay mihoatra ambony lavitra noho ny fanelanelanana ara-paminaniana fotsiny (amin'ny fanasongadinana ny “feo”, izay vao ny “mpanompo”), ary manokatra ho amin'ny maha-iraisan'izao rehetra izao ny hafatra sy ny akon'ny teny voalaza. Mbola mitohy hatrany amin'i Jeremia ny maha-mpaminany miavak'i YHWH, ary amin'ity indray mitoraka ity dia tsy natao ho an'ny feon'ny mpaminany intsony ny toerana, fa ho an'ny bokiny

5 Jereo ny boky *Les Petits prophètes* nosoratan'ny mpanoratra

(toko faha-7). Ny bokin'i Jeremia, ohatra, dia manamarika fivoarana lehibe eo amin'ny faminiana ao amin'ny Baiboly, satria ny fipoiran'ny boky no nitondra ho amin'ny fanorenana tranomboky, ary indrindra indrindra nanamarika fa efa voasoratra izao ny faminiana, ary azo vakina sy averina vakina hatrany.

## **Ny faminiana sy ny Tantara**

Ny faminiana no miditra ao amin'ny tantara, raha tsy hoe ny mifanohitra amin'izany, ary izany dia fototra ihany koa amin'ny faminiana apokalyptika, izay ny bokin'i Daniela sy ny Apokalypsy no ohatra roa matanjaka indrindra. Mety ho tsara ho an'ny Kristianina rehetra ny mamaky ny bokin'ny Apokalypsy momba io lohahevitra io, satria fanambarana miantefa amin'ny olon'Andriamanitra, dia ny Fiangonana izany, ny amin'izay tsy maintsy hitranga araka ny fandehan'ny fotoana... Midika izany fa manokatra varavarankely lehibe ho amin'ny TANTARA ny Baiboly!

Kanefa, ny fisian'ny tantara ao amin'ireo boky ara-paminiana dia tena hita miharihary ao amin'ireo mpaminany lehibe dia Isaia sy Jeremia ary Ezekielia. Ao amin'ny Ezekielia, ny toe-javatra izay ahitana fifaneraserana mivantana amin'Andriamanitra dia toa mampitombo ny lanjan'ny tenin'i YHWH ao amin'ny heriny sy ny maha-tena izy. Azo lazaina fa mampiharihary ny fahefany sy ny fahamarinany izany.

Manangana mpaminany Andriamanitra mba hampita ny sitrapony. *“Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony.”* (Amosa 3:7). Ohatra mazava amin'izany ny an'i Daniela sy i Jeremia! Raha toa ka somary taraiky ny fahatanterahan'ny faminiana, dia mitaky faharetana ny finoana: *“ Fa ny fahitana dia mbola ho amin'ny fotoan'andro, Ary mikendry ny farany izy ka tsy ho diso; Eny, na dia mitaredretra aza izy, andraso ihany, Fa ho avy tokoa izy ka tsy hijanona.”* (Habakoka 2:3)

## **Ny moraly ao amin'ireo boky ara-paminiana**

Mandray avy amin'Andriamanitra ireo mpaminany mba hampitaina amin'ny olona!

Mariho ny fitenenana toy ny hoe “Izao no lazain'i Jehovah...” (Isaia 43:1; 44:2; Jeremia 29:8) na “Tonga tamin'i..... ny tenin'i Jehovah...” (Jona 1:1; Zefania 1:1; sns.) Ny faminiana dia manome ny hevitra fa raha an'ny tena manokana ny fifidianana/fiantsoana ho mpaminany, dia tsy izany kosa no hafatra: miantefa amin'ny fiaraha-monina voafaritry izany na ho an'ny taranak'olombelona mihitsy aza. Marina fa tsy maintsy mahatakatra izay lazainy tokoa ny mpaminany saingy tsy afaka maka ho azy ny teny avy any ambony izy. Milaza ny tenin'ny Hafa izy; tsy afaka manampy teny an-tsapaka avy aminy izy na milaza teny «nohavaozina sy nahitsy». Ny fiovana rehetra dia famadihana, izany hoe fandotoana, fandemena, fanalefahana. Ny fiantsoana azy dia mifampitantana amin'ny fahatokiany amin'ny hafatra. Mba hahatonga ny olona hampitany ny hafatra ho mahatoky amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy maintsy mianatra ny mahatoky aloha ny tenany.

Miankina amin'ny tsy fivadihany ny ho avin'ny fanambarana nankinina taminy...

Nandray ny famangian'ny anjely i Daniela, indrindra fa ny an'ilay "zanak'olona", izay ampifandraisina amin'i Jesosy mihitsy. Ny mpiara-miasa aminy, Jaona ao amin'ny Apokalypsy, dia nanao fanandramana mitovy aminy, saingy amin'ny fifandraisana hafa. Samy nohazavaina tamin'izy roa ny zava-mitranga amin'ny ho avy, dia amin'ny ho avy tsy ho ela, amin'izao ankehitriny izao, ary amin'ny ho avy lavitra, ary ireo fanambarana ireo dia manondro mazava tsara ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny olombelona, indrindra fa ny drafitry ny famonjena. Tonga mpaminanin'ny tantaran'ny finoana voatenona ao amin'ny TANTARAN'ny olombelona izy ireo. Tsy manao mystery momba ny drafitry ny fanavotana Andriamanitra ary na dia amin'ny alalan'ny fomba ara-paminaniana aza izany, dia tsy tiany ho very hevitra ny olony. Azony natao ny nilaza ny zavatra sasany tamin'ny fiteny tsotra, kanefa nifidy ireo tarehimarika, ireo tandindona, ireo faminiana voafantina lzy, izay i Daniela no mpampita sy mpitondra teny. Mampihatra ny fahefany amin'ny maha-mpanjaka Azy Andriamanitra, nefa tsy mitady ny hanitsakitsaka ny olon-tsotra mety maty. Mampihatra fampianarana matanjaka amin'ny mpanjaka izy, nefa hainy ny mametraka ny teniny velona sy manome toky ho takatr'ireo izay mpitady ny fahamarinana.

Ao amin'ny fanekena natao tamin'ny Isiraely, dia napetrak'ireo mpaminany isan-karazany nirahin'Andriamanitra mazava tsara, fa raha misy mivadika, dia tsy hijanona maharitra ao amin'ny tany nampanantenaina ny olona (jereo ny Deoteronomia 28). Horoahina izy ireo ka hararitaka any amin'ny firenena manodidina. Ho sazy ara-moraly no ampiharina fa tsy ara-pitantanana. Kanefa misy fahamarinana miorina mafy ao amin'ny bokin'ny faminiana: hampodin'Andriamanitra any amin'ny tany nampanantenaina ny olony, ary milaza ny bokin'i Daniela fa Andriamanitra dia mamerina amin'ny laoniny; manarina, manandraatra.

Ny mpaminany Daniela, ohatra, dia nisandraatra tany Babylona ary tonga fitaovan'Andriamanitra hiresahana amin'ireo manam-pahefana, hanome lesona mahafinaritra momba ny zava-misy eo amin'ny tantara ary hanao zavatra mihoatra lavitra noho ny fampitana ny hevitra ny nofy sy ny fahitana fotsiny. Ny fiantsoana ara-paminaniana dia mikendry ny fiderana sy fiankohofana amin'ilay Andriamanitra marina. Izany no mahatonga ny lahateny ara-paminaniana matetika manohitra mivantana ny fanompoan-tsampy.

Inona no mety holazain'Andriamanitra amin'ireo filoham-pirenena, ireo praiminisitra na ireo tena mpanao didy jadona izay miafina ao ambadiky ny demokrasia sandoka? Takatsika, amin'ny alalan'ireo pejiny Baiboly, fa Andriamanitra dia manome fahafahana ny olona hiasa ho an'ny drafiny ary misy hoaviny ny Tantara, satria Andriamanitra mihitsy no miambina izany. Asehon'ireo fanambarana ara-paminaniana fa tsy dia lavitra ny lanitra ny tany tsy ahafahan'ny anjely hamangy azy, indrindra fa mba hanakoakoan'ny Tenin'Andriamanitra ao aminy.

Ny fifandraisana ara-paminaniana dia mitarika ho amin'ny finoana fa tsy tongatonga ho azy na tsy misy dikany ny teny avy any ambony.

*“ Fa toy ny ranonorana sy ny oram-panala milatsaka avy any andanitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry sy nampahavokatra azy, mba hahatonga voa ho an’ny mpamafy sy hanina ho an’ny mpihinana, Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin’izay ampandehanako azy.” (Isaia 55:10,11)*

Rehefa miteny amin’ny alalan’ny teny ara-paminaniana Andriamanitra dia manome toky Izy fa hanatanteraka ny teny fampanantenana nomeny. Andriamanitra dia manambara izay hataony ary manatanteraka izay lazainy...


## **Famaranana**

Raha manaraka ny mpaminany ianareo, dia ho voasarika amin’ny zava-misy tsy azo ialana ny sainareo: ny tantara dia mifarana amin’ny fanandratana an’ily Andriamanitra marina! Mety ho anatra ho an’ireo mpitondra eto amintsika rehetra izany, na taloha, na ankehitriny na ho avy. Andriamanitra no manome azy ireo ny fahefana, na dia tsy miraharaha mivantana izany aza izy ireo amin’ny ankamaroan’ny fotoana, afa-tsy amin’ny demokrasia sasany izay, rehefa mandray ny fahefana izy ireo dia misaotra an’Andriamanitra ny mpitondra (izay tsy manakana azy ireo tsy hanadino azy avy eo sy hanao hadalana...), toy ireo mpanjaka hitantsika ao amin’ny boky ara-paminaniana sasany.

### **Saintsaino:**

1. Mifandray amin’ny olombelona amin’ny alalan’ny faminaniana Andriamanitra: resy lahatra ny amin’izany ve ianao?
2. Inona no ivon’ny asan’ny mpaminany?
3. Noho ny faminaniana dia fantatrao ny fandehan’ny tantara. Inona no azonao atao amin’izany vaovao mahafaly izany?

*Antom-Bavaka:*



## MIRESAKA AMIN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY ALALAN'NY VAVAKA SY NY FIDERANA

*“Mihobia ho an'i Jehovah, ry tany rehetra,  
Velomy ny hoby, ka mihirà.” (Salamo 98:4)*



Manasa ho amin'ny fiankohofana sy ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ny Baiboly. Tsy hita mivantana ao amin'ny Saha Edena izany, satria vitsy ny tsipiriany fantatsika momba ny fiainan'ireo mpivady voalohany. Na izany aza, nivadika ho fiankohofana na ho fitadiavana ny fanatrehan'Andriamanitra ny fifandraisana tany am-boalohany. Rehefa niala tao Edena ny olona, dia tsy maintsy niverina nianatra indray ny fomba hiainana ny fifandraisany amin'ilay Mpanorona sy Tompon'izao rehetra izao.

Ny bokin'ny Apokalypsy dia mirakitra ny antso manetriketrika indrindra ho amin'ny fiankohofana. Ao amin'ny toko faha-14, ny voalohany amin'ireo anjely telo niseho tao amin'ilay fahitana dia manasa ny olombelona rehetra mba hiankohoka eo anoloan'izay “nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano”. Toa aseho miharihary fa hita ao amin'ny filazantsara mandrakizay io antso io; noho izany dia ilaina ny mijery ny lafiny sasany amin'ny fiankohofana sy fiderana sy ny mandinika toe-javatra manokana sasany izay nanamafisan'ireo mpanoratra ny Baiboly ny antson'ny anjely voalohany.

Araka izany, mitodika any amin'ireo toeram-piankohofana samihafa ny masontsika...

### Ny efitry ny seza fiandrianana

*“Jehovah efa nampitoetra ny seza fiandrianany any andanitra; Ary ny fanjakany manapaka izao tontolo izao.”  
(Salamo 103:19)*

Milaza mazava ny Baiboly fa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany any andanitra Andriamanitra.

Andeha hiverenantsika jerena ny fijoroana ho vavolombelona iray momba ny fahalehibiazan'Andriamanitra, dia ny an'i Isaia mpaminany:

*“Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka no nahitako ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana avo sady manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly. Nisy serafima nitsangana teo amboniny, samy nanana elatra enina avy; ny roa nanaronany ny tavany, ny*

*roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany. Ary nanandraatra ny feony izy ka nifamaly hoe: Masina, masina, masina Jehovah, Tompon'ny maro; Henika ny voninahiny ny tany rehetra.” (Isaia 6:1–3)*

Nanana fahitana koa i Ezekiela izay manamarina ny fisian'ny seza fiandrianan'Andriamanitra:

*“Ary teo ambonin'ny eloelo, izay teo ambonin'ny lohany, dia nisy endriky ny seza fiandrianana mitovy volo amin'ny vato safira; ary teo ambonin'ny endriky ny seza fiandrianana dia nisy ohatra ny endrik'olona. Ary nahita toy ny volon'ny metaly mamirapiratra aho, dia hoatra ny tarehin'ny afo manodidina azy; ary hatramin'ny valahany no ho miakatra ka hatramin'ny valahany no ho midina dia hitako tahaka ny afo, ka nisy namirapiratra manodidina azy. Toy ny tarehin'avana amin'ny rahona amin'ny andro nisy ranon'orana no tarehin'ny namirapiratra manodidina. Izany no fijery ny endriky ny voninahitr'i Jehovah. Ary nony nahita izany aho, dia nikarapoka nihohoka ka nandre ny feon'ny anankiray niteny.” (Ezekiela 1:26–28)*

Diniho tsara, ao amin'ny fahitan'i Ezekiela ilay ohatra ny endrik'olona izay eo ambonin'ny seza fiandrianana. Misy fanoharana lehibe momba ny endrik'i Kristy izay ho hita ao amin'ireo mpaminany hafa izany, ary koa ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany Andriamanitra. Izany sary izany dia milaza hery, fahefana, fahalehibeazana. Vokatry'izany dia manambara ny Baiboly fa toerana masina io toerana io satria asandraatra amin'ny maha-Izy azy Andriamanitra, ary toy izany matetika no hanakoakoan'ny fanasana ny olona hibanjina an'Andriamanitra izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany ao amin'ny Soratra masina:

*“Mankalazà an'Andriamanitra, eny mankalazà;  
mankalazà ny Mpanjakantsika, eny, mankalazà.  
Fa Mpanjaka amin'ny tany rehetra Andriamanitra;  
mahaiza mankalaza tsara ianareo.  
Andriamanitra manjaka amin'ny firenen-tsamy hafa;  
Andriamanitra mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianany  
masina.” (Salamo 47:6–8)*

Rehefa manamafy ny Baiboly fa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana Andriamanitra, dia mba hanamafisana fa mahery Izy ary manapaka. Ny Tompo dia aseho ho Andriamanitra mandrakizay, ilay Andriamanitra hatrizay hatrizay:

*“Jehovah (YHWH) no Mpanjaka mitafy voninahitra Izy;  
Jehovah mitafy, eny, misikina hery Izy; Ary izao rehetra  
izao nampitoerina ka tsy hihetsika. Ny seza fiandriananao  
nampitoerina hatramin'ny fahagola; Hatrizay hatrizay  
Hianao.” (Salamo 93:1, 2)*

Tsy ho voatanisantsika eto ny andininy rehetra ao amin'ny Baiboly miresaka momba ny seza fiandrianan'Andriamanitra, saingy fantatsika fa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana Andriamanitra. Ireo fahitana samihafa momba ny seza fiandrianana any an-danitra dia mametraka sary ny amin'ny kianja any an-danitra ary ny antenimiera izay Andriamanitra no ivon'izany. Mitsangana manodidina ny Mpamorona ireo zavaboary ary tsara ny manamarika fa ny ankamaroan'ireo seho ireo dia toa mitovy amin'ny fifandraharahan'ny olombelona. Amin'ny ankapobeny izy ireny dia maneho an'Andriamanitra miasa na miteny ho an'ny olo-marina na ny olo-masina, izany hoe ireo mpino maniry ny ho mahatoky Aminy.

Ny fanondroana mivantana toy izany dia manasongadina ny fiandrianan'Andriamanitra tsy manam-paharoa. Io lafiny io, mifandray amin'ny fitoerana masina, dia miverimberina ao amin'ny salamo. Tsy Mpanjakan'ny lanitra ihany Andriamanitra, fa “Mpanjaka amin'ny tany rehetra” koa (Salamo 47:7) ary tsy amin'ny hoavy ihany, fa amin'izao fotoana izao koa (Salamo 93:2). Ny seza fiandrianan'Andriamanitra mipetraka any an-danitra no milaza ny fahambonian'Andriamanitra sy ny fahaleovantenany amin'izao rehetra izao.

*“Rariny sy fitsarana no fanorenan'ny seza fiandriananao;  
Famindram-po sy fahamarinana no mialoha ny tavanao.”*  
(Salamo 89:14)

Mahaliana ny mianatra avy amin'ny Soratra Masina fa miorina amin'ny fitsipiky ny rariny sy ny hitsiny ny fahefan'Andriamanitra. Midika izany fa ny fitoerana masina any an-danitra dia tsy aseho na ambara mba hisarihana ny saintsika ho amin'ny hery lehibe ara-batana na ny fahaiza-mamorona mahagaga ananan'Andriamanitra, fa amin'ny rariny sy ny hitsiny. Fantatsika avy amin'izany fa ho marina sy mahitsy ny fomba hitondrany ny momba ny fahotana, ary raha tonga toeram-pitsarana koa io toerana io, dia tsy tokony hisy tahotra ny amin'izany, rehefa mametraka ny fitokiantsika Aminy isika. Noho izany, tsy fanitarana na kisendrasendra ny firesahana momba ny fitoerana masina any an-danitra satria ny fiainantsika, sy ny tantarantsika manokana araka izany, dia voakasika amin'ny zava-misy momba io toerana feno fahamasinana sy haja io.

Manosika antsika ho azy mankany amin'ny fitoerana masina any an-danitra ny fanambaran'ny anjely voalohany amin'ny fametrahana antsika eo anoloan'ny fahamarinana fototra ara-Baiboly iray: Andriamanitra dia manorina ny fitondrany eo amin'ny rariny sy ny fitiavana ary ny fahamarinana. Ireo soatoavina ireo no mampiseho ny fomba fiasany eo amin'ny toetry ny olombelona sy ny fomba hanehoany ny tenany ao anatin'ny zavaboariny tsy manam-petra. Ireo soatoavina ireo no milaza ny fomba hitondrany ny momba ny fahotana sy ny hoavy omeny ny mpanota. Ireo toetra ireo, izay mamaritra ny maha-izy azy sy ny fahefany, no tena tiany ho hita eo amin'ny fiainan'ny olony (Mika 6:8; Isaia 59:14).

Noho ny amin'i Jesosy no ahafahantsika, amin'ny alalan'ny finoana, miditra ao amin'io efitra io, mba hiankohoka amin'i Jehovah, ilay Tompo Tsitoha! Ary, amin'ny fanajana sy fanetren-tena nefa koa amim-pahatokiana sy faharesendahatra no anehoantsika ny fiderana an'Andriamanitra izay manjaka amin'izao rehetra izao...

## Ny efitra fiankohofana

Indraindray ny sary dia miteny mafy kokoa noho ny teny...

Ny bokin'ny Apokalypsy dia manamarina ny fisian'ny toerana iray feno ny fahasinan'Andriamanitra. Io toerana io no itoeran'ny seza fiandrianany ary rehefa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany izy, dia ao amin'ny toerana fanaovana fanompoam-pivavahana ary voatarika ho amin'ny fihetsika iraisana ireo manodidina azy: ny fiderana Azy!

*“Ary ny zava-manan'aina efatra dia samy nanana elatra enina avy, sady feno maso ny tenany rehetra manodidina ka hatrao anatiny; ary tsy mitsahatra andro aman'alina izy manao hoe: Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy. Ary raha ny zava-manan'aina hanome voninahitra sy haja ary fisaorana ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, dia Izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hiankohoka eo anoloan'izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana ny loholona efatra amby roa-polo ka hivavaka amin'izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hanipy ny satro-boninahiny eo anoloan'ny seza fiandrianana ka hanao hoe: Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; Fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, Ary noho ny sitraponao no nahanisy sy nahary azy.”* (Apokalypsy 4:8–11)

Tohizan'i Jaona ao amin'ny toko manaraka ao amin'ny boky faran'ny Baiboly ny famariparitany ny fisehoan-javatra tany an-danitra:

*“Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay etỳ ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: Ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Ary ny zava-manan'aina efatra nanao hoe: Amena. Ary ny loholona dia niankohoka ka nivavaka.”*  
(Apokalypsy 5:13,14)

Raha mamaky manontolo ireo toko roa ireo ianao, dia hahita singa lehibe maromaro manokana momba ny toerana voakasika ary indrindra indrindra amin'ny lohahevitra ny fitoerana masina. Manambara zavatra maro ny fahitana nampitaina tamin'i Jaona:

- Manana seza fiandrianana Andriamanitra ary manjaka;
- Iankohofana sy deraina ary ankalazaina lalandava Andriamanitra;
- Hitan'i Jaona eto izay mitovy amin'ny fitoerana masina any an-danitra;



- Ny voambolana ampiasaina dia ao anatin'ny tontolon-kevitra ny fitoerana masina;
- Eo afovoan'ny seza fiandrianana dia misy Zanak'ondry voavono;
- Ny sarin'ny zanak'ondry dia ny an'ny zanak'ondry natao sorona ho fanavotana;
- Manana fifandraisana ety sy masina amin'Andriamanitra mpanjaka i Jesosy;
- Ny Zanak'ondry (Jesosy) no hany mendrika hamaha ny tombo-kase sy hanokatra ny boky;
- Andriamanitra dia iankohofana, satria ekena ho Mpamorona Izy;
- Ity boky ity dia mitondra hafatra an-tsitrapo momba ny famonjena sy ny fitsarana.

Voasarika ho amin'ny refin'ny fitsarana sy ny famonjena ny saintsika. Araka ny voalaza etsy ambony, ny voambolana ampiasaina dia manondro mankany amin'ny fombafomban'ny Levita na ny sehatra nisy ny fitoerana masina teto antany sy ny Tempoly izay haorina aorian'izay. Ohatra, ny teny hoe “varavarana” sy “trompetra” ao amin'ny Apokalypsy 4:1 dia hita matetika ao amin'ny *Septante* na ny Fandikan-tenin'ny Fitopolo mifandray amin'ny fitoerana masina. Ireo vato sarobidy telo (and. 3) dia tafiditra eo amin'ny saron-tratra mandravaka ny fitafian'ny mpisoronabe. Ireo “loholona efatra amby roapolo” (and. 4) dia mampahatsiahy ny sokajin'ny mpisorona efatra amby roapolo manao ny fanompoam-pivavahana ao amin'ny tempoly mandritra ny taona sy ny fanati-bavaka ataony ao anatin'ny lovia volamena misy ny “ditin-kazo manitra” (Salamo 141:2). Ny “jiro fito nirehitra” (and. 5), dia mampahatsiahy ireo fanaovan-jiro tao amin'ny Tempolin'i Solomona. Ireo zavatra isan-karazany ireo sy ny zavatra hafa koa dia mampitamberina ao an-tsaina ny fanompoam-pivavahana tao amin'ny Testamenta Taloha, mifototra amin'ny fitoerana masina eto an-tany.

Farany, ny Zanak'ondry voavono ao amin'ny Apokalypsy 5 dia mazava ho azy fa manondro an'i Kristy sy ny fahafatesany ho sorona. Kristy – ilay Zanak'ondry – no hany Mpanalalana afaka mahazo ny famonjen'Andriamanitra ho an'ny olombelona ary Izy no hita fa mendrika, noho ny fandreseny (and.5), ny sorona nataony (and. 5, 9, 12) ary ny maha-Andriamanitra Azy (and.5, 13).

Manome toky antsika mpamaky sy mpianatra ny Baiboly amin'izao taonjato faha-21 izao io fahitana io. Manome toky satria Andriamanitra mihitsy no mikarakara manokana ny momba ny famonjena antsika, ary ny Zanak'ondry izay novonoina ho fanonerana sy solon'ny fahafatesan'ny mpanota, io Zanak'ondry io no ivon'ny maha-Andriamanitra. I Jesosy dia tsy olo-masina mahafoy ny ainy, fa Andriamanitra izay tonga olombelona, ary mandray anjara amin'ny fahefan'Andriamanitra, mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana iray, mba hitantana ny momba ny famonjena sy ny fitsarana ny fahotana. Koa satria efa mitodika amin'io toerana io ny masontsika, dia aoka koa isika hampitodika ny fontsika mba hisian'ny fiankohofana sy ny fankalazana ny halehiben'ilay Andriamanitra Mpahary sy Mpanavotra.

Ary koa, amin'ny fanajana, fifaliana, fahatokiana ary fiadanana no iderantsika ny Tompo, amin'ny fitadidiana mandrakariva fa tsy mitovy amintsika Izy.

## Ny efitra fitsarana

Rehefa mivavaka sy maneho ny fanirantsika hibe-baka isika ary miaiky ny fahadisoantsika, ny fahalementsika, ny tsirambina vitantsika, ny tsy fahamendrehantsika ary ny fahotantsika, dia miantso an'Andriamanitra Mpitsara marina amin'ny anaran'i Jesosy Mpamonjy antsika sy Tompontsika. Amin'izany no idirantsika ao amin'ny efitra fitsarana any an-danitra amim-panetren-tena feno fahatokiana sy fiandrandra feno faharesen-dahatra sy finoana ny fahamendrehan'i Jesôsy.

Manasa ny mpihaino azy hangina eo anatrehan'Andriamanitra i Habakoka mpaminany, rehefa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany ao amin'ny tempoliny masina Izy: *“Jehovah dia ao amin'ny tempoliny masina; Mangina eo anatrehany, ry tany rehetra!”* (Habakoka 2:20)

Ireo fisehoan-javatra hitantsika etsy ambony dia milazalaza ny momba ilay Andriamanitra tsy hay toherina, izay afaka mitantana, mametraka soatoavina sy lalàna tsara mifehy ny fiasana eo amin'ny zavatra noforoniny, ary indrindra indrindra afaka mitsara izay manakorontana na tsy mankatò ny didiny. Noho izany ny fitoerana masina dia natao ho fitsarana...

Efa azon'ny mpanao salamo izany, rehefa nilaza izy hoe:

*“Jehovah dia ao amin'ny tempoliny masina, ny seza fiandrianan'i Jehovah dia any an-danitra; ny masony mijery, eny, ny hodi-masony mizaha toetra ny zanak'olombelona. Jehovah mizaha toetra ny marina; fa ny ratsy fanahy sy ny mifaly hampidi-doza dia samy halan'ny fanahiny. Handatsaka fandrika amin'ny ratsy fanahy Izy tahaka ny fandatsaka ranonorana; afo sy solifara ary rivo-mahamay no ho anjara kapoakany. Fa marina Jehovah, ka fahamarinana no tiany; ny mahitsy no hahita ny tavany.”* (Salamo 11:4-7).

Tsy mampitodika ny fijeriny amin'izay ilain'ny olo-marina ny Tompo, na koa ny tsy rariny izay mianjady amin'izy ireo matetika. Mamaha ireo olana mila vahana Izy, manafaka ny tsy manan-tsiny ary manameloka ny meloka (Deoteronomia 25:1), toy ny mpitsara hendry.

Ao anatin'izany toe-javatra izany, dia manana tanjona «araka ny lalàna» anankiroa ny fitsarana mitranga ao: **fanavotana/fanarenana** ny olo-masina ary **famaizana/fanamelohana** ho an'ny fahavalon'Andriamanitra. Ny hevitra momba ny fanavotana dia tsy tokony ho takatra amin'ny hoe fanehoana fanasaziana fa indrindra indrindra amin'ny hoe fanafahana azy. Manjary mitovy hevitra amin'ny fanamarinana izany (fanambaran'Andriamanitra ny amin'ny fanekena ny mpanota mibebaka izay manatona Azy ka manaiky ny famelan-keloka atolotry ny fahamendrehan'ny zanak'ondry voavono).

Rehefa manatona an'Andriamanitra isika araka izany, dia tsy maintsy mitadidy fa izy no Mpitsara Faratampony. Manao izany amim-panajana sy amim-panetren-tena isika, fa ambonin'izany rehetra izany dia matoky ny mpisolovava antsika izay mijoro eo anatrehany ary mifona ho antsika, araka ny epistily ho an'ny Hebreo. Ny teny fiderana ataontsika no haneho ny finoantsika io Andriamanitra mahery io sy io mpisolovava manome toky io.

### **Famaranana**

Andriamanitra dia manome lalana antsika hiteny Aminy, hihira ny anarany, ny fahalehibiazany, ny heriny, ny fiandrianany. Na dia tsy lavorary aza ny tenintsika, na dia tsy feno aza ny voambolantsika, dia nanome toky antsika i Jesosy fa hihaino ny vavaka ataontsika ny Ray any an-danitra ary hamaly antsika Izy.


Ny fotoan'ny fiankohofana sy ny fiderana dia tsy tokan-jotra. Miresaka amin'Andriamanitra isika ka mamaly antsika koa Izy.

Ny fanasana hiankohoka dia varavarankely misokatra midanadana amin'ny fanjakan'Andriamanitra manoloana ny fanjakan'olombelona. Vokatry'izany, ny fiankohofana (fivavahana) marina dia manomboka amin'ny fanomezana ny tena, ny fanokanana ny tena, alohan'ny hahitana ny tenantsika ao amin'ireo fombafomba na amin'ny fihetsika iombonana. Mianatra maneho ny finoantsika isika ary ny teny ampiasaintsika dia milaza ny fomba fijerintsika an'Andriamanitra sy ny fotoana lanintsika eo anatrehany.

**Saintsaino:**

1. Manao ahoana ny halavan'ny fotoana iresahanao amin'Andriamanitra?
2. Rehefa midera an'Andriamanitra ianao, mitombo eo amin'ny finoana ve ianao?
3. Manokana fotoana fanginana ve ianao mandritra ny fisaintsainanao manokana mba hamelana an'Andriamanitra hiresaka aminao?

*Antom-Bavaka:*



## NY FIFANDRAISANA AO AN-TOKANTRANO

“ Raha tsy Jehovah no manao ny trano, Dia miasa foana ny mpanao azy.” (Salamo 127:1)

**“Inona no tianao: manana ny rariny sa manana ny fiadanana?”**



Théo mpiara-miasa amiko no nilaza tamiko ny torohevitra feno fahendrena nomen’ny vadiny azy indray andro, rehefa te handresy lahatra ny iray amin’ireo mpiangona ao aminy izy mba hanova ny toetsainy manoloana ny toe-javatra nisy fifandirana iray ...

Mety hihatra amin’ny fiainana ao an-tokantranontsika koa ny toy izany, sa tsy izany? Ny fifandraisana tsy voatantana tsara ao an-tokantrano dia mety hiteraka voka-dratsy, tsy amin’ny faharetan’ny fifandraisan’ny mpivady, sy amin’ny zanaka raha mbola eo ambanin’ny tafon’ny tokantrano izy ireo, fa eo amin’ny fiheverana ny tena sy ny fahasambaran’ny tsirairay amin’ireo mpivady koa.

### **Mianatra mangina**

“Na ny adala aza, raha tsy miteny, dia atao ho hendry, Ary izay mahafihim-bava dia toa manan-tsaina.” (Ohabolana 17:28)

Misy fahasamihafana eo amin’ny hoe tsy mety miteny sy ny hoe mihazona ny fanginana. Misy fahasamihafana koa eo amin’ny hoe tsy miteny sy mihaino tsara. Ekeko amim-panetren-tena fa malaky miteny isika ary miadana amin’ny fihainoana am-pahavitrihana.

Mbola mianatra mampivelatra ny fahaizako mihaino sy mirakitra ary mampihatra aho ao an-tranoko. Mba handrosoana amin’io lalana io dia mila mianatra miady amin’ny fahazarana isika fa tsy mipetraka fotsiny eo amin’ny zava-bitantsika. Atao fampiharana ary kolokoloina isan’andro ny fahaizana mihaino mavitrika.

Afaka miresaka momba ny fitiavana ny fanginana ve isika, fanginana izay sady tsy fihatahana no tsy hoe tsy firaharahana? Raha te hamboly fanginana ny tena, dia tsy maintsy manomboka amin’ny fianarana manakombona ny vava. Mety ho fihaikana izany, satria tsy fantatsika indraindray ao anatin’ny fifandraisantsika amin’ny fanambadiana raha toa isika ka mikatsaka ny hanana fiadanana sa ny hanana ny rariny.

Mety hipoitra ny fifamaliana satria tsy manery ny tenantsika hangina tsotra izao isika. Manjary manjaka ny fitiavan-tenantsika rehefa tezitra isika, rehefa mahatsiaro ho afa-baraka noho ny nataon’ny hafa na rehefa mahatsiaro fa tsy takatry ny sainy akory ny zavatra mahazo antsika, ka mamaly izany isika, ary misy teny tsy fiteny, teny

tsy misy ilana azy ary indrindra teny mandratra mivoaka avy amin’ny vavantsika ka miteraka fahatapanana eo amin’ny fifandraisana tsara. Mbola hiverina amin’izany isika ao aoriana kely amin’ity famelabelarana ity.

Matoanteny roa no manampy antsika hahatakatra izany hevitra izany. Ny matoanteny *tacere*, “manakombona vava”, ary ny matoanteny *silere* “mangina” na “mihazona fahanginana” dia ahitana fahasamihafana kely. Ny mihazona fahanginana indraindray dia tsy midika hoe manapa-kevitra ny hanakombona ny vava tsy hiteny na tsy hilaza na inona na inona intsony. Misy ny fahanginana izay mitaratra fahendrena na fanetren-tena ary misy ireo “fahanginana” hafa izay maneho ny tsy firaharahana na ny fanamavoana. Ny fahanginana dia tsy hoe tsy fisian’ny resaka na koa fanaovana toy ny moana: ny fahanginana dia azo fenoina amin’ny fisian’ny hafa...

Isika rehetra angamba dia samy mila fivoarana amin’io lafiny io. Mila mijery ny zava-misy sy manetry tena, ary manohy mianatra isika, satria indraindray tsy fantatsika hoe mangina isika mba tsy hamaliana sa hoe tsy te hifandray fotsiny. Mila herim-po sy tanjaka bebe kokoa ny mangina noho ny miteny. Izay tsy miteny na inona na inona dia tsy midika hoe tsy manan-kolazaina izy, fa tsy fotoana izao handrarahana menaka ao amin’ny afo ary hanova ny fifampiresahana ho fifamaliana. Moa ve tsy lazaina fa “izay mangina volamena, ary izay miteny volafotsy”?

Matetika isika no latsaka ao anatin’ny fahadisoana sy ny fanaovana kitoatoa, satria te hanana ny rariny ka lasa tsy mieritreritra ny hiaina amin’ny fomba mirindra sy milamina. Midika izany fa tian’Andriamanitra hanatsara ny fifandraisantsika isika mba ahafahantsika misolo tena Azy tsara, eny fa na dia ao an-tokantranantsika aza.

Milaza indrindra ny ohabolana sinoa fa mila roa taona ny olona mba hianarana miteny ary ny androm-piainany mba hianarana mangina.

**Mihaino ny filan’ny hafa**

Anjarantsika, araka izany, ny miezaka mikolokolo ny fomba fitenintsika, hifehy ny fahaizantsika mihaino ny hafa ary koa hamantatra mazava ny ilana ny fanginana, mba ahafahantsika mankasitraka bebe kokoa ny fanatrehan’ny hafa.

Tokony efa naheno momba ny piramidan’i Abraham Maslow avokoa isika rehetra, izay psikôlôgy amerikanina nanana fiantraikany lehibe eo amin’ny fomba fiheverantsika ny fifandraisantsika amin’ny tenantsika sy ny hafa. Nanomboka nampiasaina tamin’ny taonjato teo aloha ary mbola ampiasaina hatramin’izao io fomba fijery narosony io...

<p><b>FILÀNA ARA-ESTETIKA</b> Fankasitrahana ny hatsaran’ny endrika sy ny filaminana</p>
<p><b>ZAVA-BITAN’NY TENA</b> Fanatrarana ny fahafaha-manaon’ny tena manokana</p>

<p><b>FILANA FANKASITRAHANA</b> Ho tsara ny fijerin’ny hafa ny tena</p>
<p><b>FILANA ARA-PIARAHAMONINA</b> Fifandraisana amin’ny hafa, fitiavana, fanambadiana, fianakaviana, namana.</p>

## FILANA FIAROVANA

Fahatsapana ho voaro, tsy fisian'ny tahotra.

## FILANA ARA-BATANA FOTOTRA

Hafanana, trano hialofana, sakafo, filana ara-pananahana, sns.

Rehefa dinihina tsara ny zava-misy, matetika isika no mametra ny tenantsika ao amin'ireo rihana roa voalohany, ary raha avelantsika hipetraka fotsiny ny fahazarana ao an-tokantrano dia mankany amin'ny rihana fahefatra sy fahadimy avy hatrany isika.

Tsy hoe misy faharatsiana ao anatin'izany toe-tsaina izany, fa matetika isika no maneho fitondran-tena feno fitiavan-tena, ary miaina ho toy ny olona miaramonina fotsiny na dia ao amin'ny tokantranontsika aza.

Ny rihana fahatelo no manosika antsika hijery sy handinika ny fomba fifandraisantsika. Tena ilaina ny fifandraisana amin'ny hafa satria io no manamafy orina ny tokantrano.

### **Ny fifandraisana eo amin'ny mpivady**

Mitoetra mandrakariva ny filhaikana eo amin'ity ambaratonga ity ary ny andro tsirairay dia tonga andro vaovao ao amin'ny sekolin'ny fanambadiana. Tsy misy afa-bela, na ny filoham-pirenena mivady na izahay mivady, na ianareo mivady, raha toa ianareo ka mahatsiaro ho voakasika amin'izany resaka izany.

Ny mpivady rehetra dia mandalo fotoana isian'ny tsy fitovian-kevitra na amin'ny zavatra madinika na amin'ny raharaha lehibe. Milaza ny rafozam-baviko fa zava-misy tsy azo ialana izany, satria na ny vera eo ambony lovia aza dia mifandondona sy maneno rehefa bataina ny lovia ... Misy mandrakariva ny tabataba kely ao amin'ny tokantrano velona!

Afaka manampy amin'ny fanazavana ny toe-javatra ny fifampiresahana, kanefa raha tsy voatantana tsara izany dia mora mivadika ho fifamaliana. Azonareo ve ny tiako holazaina? Indraindray izany ahafahana manome vahana ny fitenenana sy ny fanehoana ny fihetseham-pon'ny tena, ary ny lafy tsaran'izany dia ny fahafahana misoroka ny fihazonana na fikombonana amin'ny fomba fijery tsara fantarina. Araka izany, tsy misy faneriterena, na ahiahy na tahotra, na henatra haneho hevitra, mba hisian'ny fiadanana tsotra izao na hiarovana ny fanambadiana. Tsy mora velively ny mihazona ny hevitra ny tena eo amin'ny mpivady ary ny fahafantarana ny fomba fifampiresahana tsara dia mamela antsika tsy hoe hifanakalo hevitra fotsiny fa hianatra koa ny hamolavola azy ireo amim-pahatoniana nefa tsy milatsaka ao amin'ny fiampangana, fanomezan-tsiny na fandavana.

Rehefa misy ny tsy fitovian-kevitra, dia hitantsika, aorian'ny fotoana fandinihana kely, fa raha maneho hevitra amin'ny fomba mikorontana isika, na satria te hamaly fotsiny, dia ho mora amintsika ny tsy miraharaha ny zavatra andrasan'ny hafa sy ny filany. Ary amin'izay fotoana izay, tsy ny fifandraisana am-bava ihany no misy, fa misy koa ny fihainoana sy ny fijerena mba hamaliana ny zavatra andrasan'ny vady. Averimberina hatrany fa na firy taona na firy taona no niainana tao anatin'ny

fanambadiana, dia sekoly izay misokatra mandava-taona, ary handrantoana fianarana mandrakariva izy io ... na tsy misy aza ny diplaoma raisina amin'ny farany!

## **Fototra iorenana izay mitombina tsara**

Nahoana no hamafisina hatrany fa ilaina ny fisian'ny fototra tsara amin'ny fifampiresahana eo amin'ny mpivady?

Toa tsotra ny valiny, saingy mila mijery ny zava-misy marina isika: miaramiaina amin'ny vadintsika isika, mahita ny tena “izaho-ny” isika ary tsy maintsy mifanaraka amin'izany, sady mandray ny tanjany no mianatra mandefitra amin'ny fahalemeny.

Matetika no tonga ny olana satria te hanana ny rariny mandrakariva isika; na farafaharatsiny isika tsy diso! Ny fitadiavana hanana ny rariny hatrany dia sady tsy endriky ny fahamatorana no tsy toe-tsaina manorina. Tsy hanampy amin'ny fiainam-panambadiana ny fomba fisainana toy izany. Ary eo indrindra no ianarantsika miteny hatrany hatrany, ianarantsika miteny amin'ny tenantsika ary mahatakatra ny tenantsika. Ireto misy ohatra vitsivitsy:

- Ny “izaho” no ampiasaina ho solon'ny “ianao”...
- Miteny hoe “Mahatsapa aho fa toa tsy azonao tsara” fa tsy hoe “Tsy ho azonao mihitsy ny fahatsapako”;
- “Mieritreritra aho fa mety ho sarotra izany” fa tsy hoe “ho hitanao eo fa tsy handeha izany, toy ny mahazatra ihany”;
- “Tsy nitandrina tsara aho” fa tsy hoe “maninona no tsy nolazainao tamiko fa...”

Araka izany, ny fampiasana ny “Izaho” dia mametraka ny fifantohana eo amin'ny fihetseham-pon'izay miteny fa tsy amin'ny hafa, ary matetika izany no raisina ho toy ny fiampangana, fibedesana na fanomezan-tsiny. Ary matetika dia fahatezerana sy fahasorenana no vokany hita eo no ho eo ka mahatonga ny fisian'ny pitik'afô mety handoro. Ary fantatsika fa mahavita mandrehitra afo lehibe mandrava ny pitik'afô kely indrindra.

Zavatra izay mety hipoitra indraindray ny tsy fitovian-kevitra. “Ny fitiavana dia tsy hoe mifampijery, fa miara-mijery ny eo aloha”, hoy i St Exupéry... Kanefa ny hoe miara-mijery eo aloha dia tsy midika hoe mitovy mandrakariva ny fankasitrahantsika ny zavatra hitantsika eo anoloantsika. Afaka manaiky ve aho fa tsy mitovy hevitra amiko ny vadiko rehefa mijery zavatra na toe-javatra mitovy izahay?

Mety hampidi-doza ny fanosehana ny hafa hijery amin'ny ny fomba fijerin'ny tena, kanefa ampirisihina indrindra, na amin'ny andaniny na amin'ny ankilany, ny hanekena fa tsy voatery hitovy hevitra mandrakariva isika; tsy tokony hahatonga fifamaliana, na fifandirana, eny fa na fisarahana aza anefa izany. Matetika no tsy eo amin'ilay tsy fitovian-kevitra loatra no loharanon'ny adihevitra (ankapobeny), fa amin'ny fomba fanehoana azy sy amin'ny fahavononan'ny fo sy ny saina hanaiky izany. Izany no antony nahatonga an'i Paoly hampahery antsika hoe “*mitariha lalana amin'ny fifanomezam-boninahitra*” (Romana 12:10) sy “*hifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy*” (Efesiana 5:21-31).

Ireto misy torohevitra vitsivitsy hafa atolotry ny ankamaroan'ny mpitsabo na ny mpanolotsaina momba ny fifandraisana amin'ny olombelona:

- Lazao mivantana sy mazava tsara ny filanao sy ny zavatra andrasanao;
- Hamarino ny fotoana mety hanehoana ireo filana sy zavatra andrasana ireo;
- Mihainoa am-pahalianana tsara ary hajao ao amin'ny maha-izy azy ny hafa;
- Lazao amin'ny teny hafa mba hanamarinana fa azon'ny hafa tsara ny zavatra lazainao;
- Ifanakalozy hevitra ny tsy fitovian-kevitra mba hahatakarana azy ireo ary ahitana marimaritra iraisana;
- Manolara fanampiana mba hanamaivanana ny enta-mavesatry ny hafa isan'andro;
- Mampiasà vazivazy sy fampihomehezana, raha ilaina, nefa tsy mivadika ho endrika fanesoana na fanalam-baraka izany;
- Avadiho ho toy ny fametrahana fanontaniana fa tsy fanerena...

Misy ireo teny maro mora tonga eny amin'ny molotsika loatra ary miteraka fifandirana tsy fidiny, na farafaharatsiny fihenjanana... Takatro tamin'ny fanandramako manokana ny ezaka rehetra tokony hatao mba hanatsarana ny fifandraisan'ny mpivady. Ireto misy fihetsika na fomba fitenenana<sup>6</sup> tokony hialana araka ny torohevitra ny mpitsabo:

- Miteny amin'ny hafa izay tokony hataony na holazainy. Mampahatezitra sy miteraka fifamaliana haingana izany. Vao voateny fotsiny ny hoe "Ajanony izany fomba fiteny izany..." dia efa fifamaliana mafana izany;
- "Tsy misy idiranao izany!" Mety hisy izany, indrindra raha misy zavatra sasany tafiditra ao anatin'ny tsiambaratelo araka asa na amin'ny fanajana ny fahamendrehan'ny hafa. Tsy hoe satria tsy miteny aho dia midika izany fa tia manafina. Ary satria tsy mizara ny zava-drehetra izy dia tsy midika izany fa manana fikasan-dratsy izy;
- "Tsy misy na inona na inona", rehefa manontany anao ny hafa hoe misy inona ... vao mahita ny tarehy fotsiny dia fantany! Eo amin'ny toerana izay toa masiaka mangina (*passif-agressif*) ianao izay. Miteny ianao hoe: "Tsy misy n'inona n'inona" satria heverinao fa hisoroka ny fanokafana resaka saro-pady izany.

Afaka milaza isika fa eo amin'ny toe-tsaina, ny fijery, ny fomba fihainoana sy ny fomba famaliana no misy izany rehetra izany... Impiry moa isika no tsy mahomby rehefa tsy mampihatra ny fihainoana mavitrika na famaliana manorina!

Voasarika ho amin'ny adidy amin'ny resaka fifanajana, fahalalam-pomba eo amin'ny mpivady, ary fankasitrahana izay zavatra vita tsara koa ny saintsika. Ho an'ny zavatra tsy mahafa-po, dia zava-dehibe sy ilaina ny manatsara ny fiteny, na dia miteny fiteny iray ihany aza isika.

---

<sup>6</sup> Loharano: Aterineto, any amin'ireo tranonkala momba ny fampivoarana ny tena manokana



Azo atao ny manatsara ny tenantsika, amin’ny fianarana amin’ny fahadisoantsika; ary azo antoka fa ho tonga mikoriana tsara kokoa ary tsy feno ny vesatry ny fihetseham-po ny fifandraisana amin’izay fotoana izay.

### **Famaranana**

Raha tsy mikolokolo fifampiresahana tsara isika eo amin’ny fanambadiana dia mety ho tsy raharahaina na hatao tsinontsinona ny filana sy ny zavatra andrasan’ny mpivady. Manjary manana fahatsapana fandavana ny mpivady amin’izay, ary mety ho latsaka ao anatin’ny karazana tsy firaharahiana na fisarahana, eny fa na dia fialana mihitsy koa aza izy ireo.


Manome fotoana ho antsika Andriamanitra hanatsarana ny tenantsika. Tsy misy ny mpivady tonga lafatra, ka azo atao ho tonga lafatra avokoa izany ny mpivady rehetra. Ny vaovao mahafaly dia afaka manome antsika ny fanampiana ilaintsika ilay Andriamanitry ny tokantrano mba hahatonga antsika ho olona tsara kokoa.

Andeha isika hivavaka mba hanehoan’ny tokantranontsika ireo soatoavin’ny fifandraisana tsara.

**Saintsaino:**

1. Mampiasa fiteny iray mitovy isika, fa tsy mitovy fomba fiteny mandrakariva.
2. Fantatrao ve ny fomba fampiharana ny fihainoana mavitrika?
3. Iza no tokony hanana ny teny farany amin’ny fifanakalozan-kevitra mafana?

*Antom-Bavaka:*



## NY FIFANDRAISANA TSY MISY HERISETRA

“Fa avy amin’ny haben’ny ao am-po no itenenan’ny vava.[...] Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anao.” (Matio 12:34,37)



omena ny fahaizana miteny ny olombelona. Zavatra tsara izany, izay mametraka azy amin’ny ambaratonga ambony kokoa raha oharina amin’ny biby. Saingy tsy mitsahatra ny mahita isika fa tonga fahasembanana na sakana io tombotsoa io matetika, ary manjary fitaovampiadiana miteraka vokany goavana, ka mbola ilaintsika ny mianatra mifandray.

Amin’ny famelabelarantsika androany dia hiresaka momba ity lohahevitra izay efa fanta-daza amin’izao ankehitriny izao ity isika, dia ny fifandraisana tsy misy herisetra (Fantatra amin’ny fanafuhezan-teny hoe “CNV” na *Communication Non Violente*).

### Ny niavian’ily foto-kevitra

I Marshall B. Rosenberg, teraka tamin’ny 6 Oktôbra 1934 tany Ohio, Etazonia no nanolotra voalohany ny atao hoe CNV. Talen’ny lafiny ara-panabeazana (*Directeur pédagogique*) tao amin’ny “Centre pour la Communication Non Violente”, izay fikambanana iraisam-pirenena tsy mitady tombony izy, ary nahazo aingam-panahy lehibe tamin’i Gandhi sy i Carl Rogers, izay nampianatra azy.

Nitety an’izao tontolo izao izy mba hiasa ho mpanelanelana amin’ny ady sy hampiroborobo ny fandriam-pahalemana. Nampita ireo fitsipika fototry ny “famahana ny fifandirana am-pilaminana” tamin’ny alalan’ny fiofanana tany amin’ny firenena manodidina ny 30 izy talohan’ny nahafatesany tamin’ny 7 Febroary 2015. Efa taty aoriana vao navoaka tany Frantsa ny asasotr’i Rosenberg, efa ho 40 taona taorian’ny namolavolana ny fizotran’ny fifandraisana tsy misy herisetra tany Etazonia.

Ny CNV dia nahafahan’ny olona an’arivony nahatakatra fa raha feno fihetseham-po loatra ny tenintsika, dia ho mora tafalatsaka amin’ny fanaovana fahadisoana sy tsy fahafehezana ny fiteny isika, izay tsy maintsy hiteraka fihenjanana eo amin’ny fifandraisana amin’ny hafa...

### Ny tombontsoa avy amin’ny CNV

Raha lazaina amin’ny teny hafa dia mila mahatakatra ny fomba fiasan’izy io isika. Voarafitra toy izao manaraka izao ny CNV rehefa arahina ny torolalan’i Rosenberg:

- *Dingana 1* - Jereko izay mandrafitra (mamaritra) ny toe-javatra ara-pifandraisana. Misy fiantraikany amin’ny fahazoako na ny tsy fahazoako aina ve ny teny izay henoko?

- *Dingana 2* – Asehoko izay zavatra tsapako: alahelo, fifaliana, ahiahy, hatezerana?
- *Dingana 3* – Faritako mazava ny antony manosika ny fihetseham-poko: Olona iray izay miteny amin’ny vadiny hoe: «Rehefa avelanao hirehitra ny jiro rehefa mivoaka ny efitrano ianao [fijerena], dia tsy faly aho, [fitenenana] satria mangataka mandrakariva aho ny mba hitandremanao tsara ary tsy tiako hoe izaho irery no miasa saina amin’izany” [filana].
- *Dingana 4* - Manomeza fangatahana mazava sy azo ampiharina: “Mba azonao vonoina ve ny jiro azafady alohan’ny hivoahanao ny efitrano?”

Mikendry ny hisian’ny fifandraisana feno filaminana sy fomba fifandraisana tsy misy fihenjanana na vazivazy tsy mahafinaritra ny fomba fiasa toy izany. Azo hamarinina ao an-tonkantrano eo amin’ny mpivady, miaraka amin’ny ankizy ary any am-piasana izany.

Tsy midika ho fanaovana fihatsarambelatsihy na fanononana teny malefaka izay mampiseho talenta amin’ny fanaovana hatsikana izany, fa dingana arahina amin-kitsim-po mba hifandraisana tsara, amin’ny alalan’ny teny tsotra, nefa tsy misy hevitra ambadika toy ny fitsaratsarana ny tombambidin’ny tena, na fitondrana tsy refesi-mandidy, na faniriana hanjakazaka, na fanambaniana na fanamavoana ny hafa.

Ny tenan’i Jesôsy mihitsy no mangataka antsika mba ho marina sy tsy hanaiky ho tafalatsaka amin’ny toe-tsaina mihatsaravelatsihy. Mampianatra antsika Izy, ao amin’ny *Toriteny teo An-tendrombohitra*, mba hitandrina tsara ny tenintsika tahaka ny hitandremantsika tsara ny ronono eo ambonin’ny afo. Manome voninahitra na manameloka antsika ny tenintsika.

Andeha hofintinintsika ao anatin’ny tabilao manaraka ireo teboka ireo:

<b>Dingan’ny CNV</b>	<b>Dingan’ny CV</b>
Fijerena ny zava-misy	Fandikana ny hevitra
Fahatsapan’ny tena: fahatsapana, fihetseham-po, fahatsapana ara-batana	Fanombanana ho azy ao an-tsaina na ankolaka ny hevitra miafina
Fanehoana ny filan’ny tena	Misaintsaina na mamolavola paikady
Fangatahana asa na fampiharana	Mitaky asa na toe-tsaina

CNV: Fifandraisana tsy misy herisetra; CV: Fifandraisana misy herisetra

Ny CNV dia mitaky ezaka tsy tapaka, fisaintsainana tsy tapaka ary fahaizana manontany tena mialoha ny hitenenana teny izay efa mahazatra, nefa mety handratra na hiteraka fifandisoan-kevitra feno fihetseham-po.

Raha fintinina, apetratsika eto ny fanontaniana momba ny antom-pisiana (nahoana) sy ny fikasana, ny tanjona (ho amin’ny inona?)

Azo lazaina fa samy mahafantatra isika fa mila manatsara ny fomba fifandraisantsika. Tsy afaka ny ho marina irery isika ka manohitra ny olona rehetra, na ho diso irery ka manohitra ny rehetra. Ny fanaovana fanadihadiana kely dia

ahafahan'ny mpifandray tsirairay mandre fomba fijery samihafa mba hanazavana izay marina sy mahaso ary mitombina tsara.

Manamora ny fifampiresahana amin'ny toe-javatra ara-pifandraisana samihafa ny CNV. Na ao amin'ny tontolon'ny fianakaviana, na ny fiasana, na ny namana, na ny ara-pivavahana na tontolo hafa, dia mamela antsika hifampiresaka sy hifampihaino nefa tsy amin'ny fihenjanana sy fitsarana an-tendrony ny CNV, satria miaraka mitady fiteny mazava tsy misy vesatra ara-pihetseham-po isika.

Ahafahan'ny mpifandray tsirairay mahatakatra tsara kokoa ny hafa izy io, sy hamakafaka ny zava-misy, hahalala ny maha-izy azy sy hahay hiteny, ho sahy haneho tsara ny tenany sy hanazava tsara ny fomba fijeriny, handray ny andraikiny tsy ampitsarana, na fitsikerana, na fanamelohana ny hafa mba hifandraisana tsara kokoa, am-pilaminana, sy am-panajana ny maha-olona ary amin'ny fomba hita mivaingana.

## **Ny ampahany tsy am-bava**

Hilaza aminareo ireo manam-pahaizana manokana momba ny fampivoarana ny tena sy ireo mpampiofana momba ny fifandraisana fa miteny mafy kokoa noho ny tenintsika ny fihetsika ataontsika, ny toe-tsaina asehontsika eo ivelany ary ny fijerintsika. Ny endrika ivelany avoakantsika dia mety hanimba ny dingana manontolo arahintsika na dia mazava sy mirindra tsara aza ny fitenintsika.

Ny fifandraisana dia tsy hoe miteny fotsiny. Mibahan-toerana lehibe koa ny ampahany tsy am-bava amin'ny fifandraisantsika. Asehon'ny fanadihadiana fa mandrafitra ny 7% fotsiny amin'ny zavatra lazaintsika ny teny. Ny fitenin'ny vatana ("langage corporel" amin'ny teny frantsay na "body language" amin'ny teny anglisy) no manohana ny fahamarinana sy ny fahafahana mino ny zavatra lazaintsika. Misy fotoana mihitsy aza izany manome fanazavana momba ny fomba fiasantsika, raha toa ka mahaliana na azo itokiana izany.

Ianareo ve matoky olona miresaka aminareo nefa tsy mijery anareo? Mahafinaritra anareo ve ny mpandahateny izay tsy mitsahatra mijery ny naoty na ny efijery eo anoloany, ary tsy mba mijery ny mpanatrika mihitsy? Ary ny filazana zavatra izay mahafaly antsika nefa manadino ny olona iresahantsika dia tsy vitan'ny hoe tsy fahalalana fomba fotsiny, fa tsy misy dikany mihitsy.

Voalazan'ny tatitra avy amin'ireo fanadihadiana maro samihafa natao fa ny fitenin'ny vatana dia maneho ny 55%, ary ny lantom-peo kosa maneho 38% amin'ny hafatra tiantsika hampitaina. Vokatry izany, ny fihetsika ataontsika, ny fomba fijoroantsika na ny fipetrahantsika, ary ny fihetsehan'ny vatantsika dia samy manan-danja avokoa amin'ny fomba fifandraisantsika.

Tadidio tsara ireo hafatra tsy am-bava efatra alefan'ny vatana:

1. Maimaim-poana ny tsiky ary manampy mandrakariva ahafahana miala sasatra. Mitaratra fananana fihetseham-po tsara izy ary manampy amin'ny fanalefahana ny karazana fihenjanana na tsy fahazoan'aina rehetra, ary mamorona tontolo iainana tsara sy sariaka. Tsy amin'ny molotra ihany

no ahafahana mitsiky, fa amin'ny maso koa. Nanao fanandramana ny amin'izany isika tamin'ny arovava izay nanaovana nandritra ny vanimpotoan'ny hamehana ara-pahasalamana noho ny Covid 19...

2. “*Ny maso no jiron'ny tena,*” hoy i Jesosy (Matio 6:22). Fomba azo ilazana zavatra ny maso. Azo inoana angamba fa efa naheno ity hira frantsay ity ianareo izay milaza hoe “*elle a les yeux revolver, elle a le regard qui tue!*” (Ny masony dia toy ny basy, ny fijeriny dia mamono). Afaka miteny zavatra maro ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny alalan'ny fijery: zavatra mendrikaja sy mahafinaritra ary koa zavatra tsy mahafinaritra sy ratsy...

Ao anatin'ny fifandraisana tsy am-bava, diniho ny fijerin'ny olona. Ireo izay manana fiheveran-tena ambony dia hijery mahitsy rehefa miresaka amin'ny mpifandray aminy. Ny olona hafa izay tsy mahazo aina, dia hijery any an-kafa (ny valindrihana, ny naotiny, ny varavarankely, ny tongony) ary tsy miezaka mijery ny mason'ny mpifandray aminy. Mahavariana ny saina ny fijerena an-kilabao na any an-kafa, sady mampivily lalana, miteraka tsy fahatokiana na tsy firaharahana mihitsy aza. Ny fahafahana mijery ny maso dia fitaovana sarobidy amin'ny fifandraisana tsy misy herisetra.

Tsy natao hahitana fotsiny ny maso, fa mba ho hitan'ny hafa koa!

3. Aoka ianao hitazona elanelana amim-panajana, indrindra raha tsy fantatrao akaiky ilay mpifandray aminao. Araka ny fifanarahana ara-tsôsialy, ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina, dia tokony hitazona elanelana 50 santimetatra eo ho eo ianao. Sady tsy fanalavirana (fialana) no tsy fanakaikazana (fanatonana mahery vaika) izany. Misy ny toerana manodidina ny olona manokana izay tokony hajaina mba hisian'ny fifandraisana milamina.

Afaka misoroka ny fisian'ny tsy fahazoana aina ho an'ny mpifandray aminareo ianareo amin'ny alalan'ny tsy fikasihana na fanondroana azy amin'ny fanondro, na amin'ny tsy fihazonana ny kihony, na koa amin'ny tsy fametrahana ny tananareo eo amin'ny soroka. Sady tsy mientanentana loatra no tsy mangatsiaka fihetsika. Ny tsikinareo sy ny fijerinareo no hisolo ny fihetsika tsy misy ilana azy...

4. Ampifanaraho amin'ny fitenin'ny vatana no mitaratra ny fahatsoram-po, ny maha-azo itokiana, ary noho izany ny fahatokiana. Miankina amin'ny toe-tsainareo no hananan'ny mpifandray aminareo fahatokiana ary hifantohany amin'izay lazainareo. Maneho fahalianana ianao amin'ny fomba fitazonanao ny lohanao ho mitongilana na mandroso fa tsy midaboka any aoriana ...

Raha ny mahakasika ny fitenin'ny vatana, ny fomba fihetsehana, ny fihetsika atao amin'ny tanana ary raha fintinina, ny fifandraisana amin'ny vatantsika, dia mirona mankany amin'ny voajanahary, miaraka amin'ireo torohevitra maromaro tokony hodinihina mba hanatsarana sy hanitsiana ny lesoka amin'ny fitenin'ny vatantsika:

- Manana fahafaha-manao be dia be ny tanana<sup>7</sup>, ary mampita zavatra mihoatra lavitra noho izay eritreretintsika; mifandray tsy tapaka izy ireo ary ampirisihina isika tsy hanafina azy ireo satria mety hampifandraisina amin'ny fitaka ny fanafenana azy ireo.

7 Loharano: <https://www.univ-montp3.fr/infocom/wp-content/REC-La-communication-non-verbale2.pdf>;  
<https://hal.univ-lorraine.fr/tel-01776559/document>; <https://www.institut-synergologie.eu/>

Ny fanehoana ny felatanana dia ampifandraisina amin'ny fahatokiana sy ny fahatsoram-po, ny fanondro atsangana dia mety ho tampoka sy miampanga, ary ny totohondry mivonkona eo amin'ny haavon'ny tratra dia manamafy ny hafatra.

- Eo amin'ny fomba fijoroana, izany hoe na mitsangana na mipetraka, ny fihazonana ny lamosina ho mahitsy nefa tsy mampiakatra ny soroka dia manampy amin'ny fifampiresahana sy ny fahafahana mifoka rivotra tsara. Raha ny amin'ny tarehy, ampirisihina ny fanehoana endrika mahitsy: ny saoka mifanandrify amin'ny tany dia ahafahana manana endrika milamina izay ahafahana mifoka rivotra ara-dalàna sy mampisondrotra tsara ny feo.

## Famaranana


Tokony hanaitra antsika ny CNV. Misy fandrosoana azo atao ho antsika tsirairay, izay manome toky sy mampahery antsika.

Farany, tsy maintsy takatra amin'ny fomba mifanandrify mandrakariva ny fifandraisana. Raha miresaka amin'olona na mpanatrika ianareo, dia diniho ny fiteny tsy am-bavan'ny olona eo anoloanareo, mba hahafahanareo mampifanaraka sy manitsy izay tokony hahitsy. Alaivo sary an-tsaina ho toy ny fitaratra ny mpifandray aminareo, izay ahazoanareo valiny mahasoa ho an'ny fifandraisana.

### Saintsaino:

1. Mampiasa fiteny iray mitovy isika, fa tsy mitovy fomba fiteny mandrakariva. Inona no heverinao fa tokony hatsaraina amin'ny fomba fifandraisanao?
2. Mety handratra indraindray ny teny feno fihetseham-po. Ahoana no hifehezana izany?
3. Mbola mila mivoatra aho amin'ny fijery, ny fitenin'ny vatana ary ny fihetsika ara-batana hafa mba hifandraisana amin'ny fomba tsy misy herisetra.

*Antom-Bavaka:*



## NY FIANGONANA: FEO MANAKOAKO

*“Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan’ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin’izay monina ambonin’ny tany sy amin’ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra, nanao tamin’ny feo mahery hoe: Matahora an’Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan’izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano.*

*Ary nisy iray koa, dia anjely faharoa, nanaraka ka nanao hoe: Rava! rava Babylona lehibe! izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain’ny fahatezerana noho ny fijangajangany.*

*Ary nisy iray koa, dia anjely fahatelo, nanaraka ireny ka nanao tamin’ny feo mahery ...” (Apokalypsy 14:6–9)*



sy ho amin’ny fahanginana sy ny fanalavirana an’izao tontolo izao ny fiantsoana ananan’ny Fiangonana. Rehefa nahatakatra izany ny Fiangonana Advantista, teo amin’ny tantarany, dia nanomboka nanandratra ny feony izy, indrindra rehefa hitany fa ilaina ny mandray ho azy manokana ny hafatry ny anjely telo ao amin’ny Apokalypsy 14...

Nanomboka teo dia mora ny mahita fa mivezivezy malalaka ny teny ao anatin’ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Toerana demokratika izay fanao mahazatra sy miely patrana ny fitenenana.

### **Ny Fiangonana: toerana hifandraisana**

Diniho ny fizarana ny teny ao amin’ireo vondrona fianarana ny Baiboly rehefa Sabata maraina! Na tsy ny rehetra aza no miteny dia afaka miteny avokoa ny rehetra. Tsy misy ambaratongan-daharana amin’ny fandraisam-pitenenana rehefa misokatra ny fifanakalozan-kevitra. Marina fa ny mpitarika ny vondrona no mandamina ny fizarana ny fitenenana ary mamintina na mamoaoka hevitra, fanontaniana na valiny sasany, saingy manan-jo haneho ny heviny ny tsirairay.

Tahaka izany koa ny ao amin’ny kômitim-piangonana na ireo vaomiera. Indraindray ny mpitarika ny fivoriana dia miatrika fihaihana lehibe: ahoana ny fomba handaminana ny fitenenana sy hahazoana antoka fa tsy misy ny fiverimberenana na «ivelan’ny lohahevitra»? Misy hatrany mantsy ny olona iray manao fanamarihana momba ny fanehoan-kevity ny hafa ary indraindray, rehefa misy soso-kevitra eo ambony latabatra, dia misy olona iray, noho ny tsy fahalalana ny fomba fiasa na noho ny tsy fitandremana, manolotra soso-kevitra hafa. Mety ho tonga sarotra ny fifanakalozan-kevitra ary ny fanapahan-kevitra koa noho izany.

Miara-mianatra isika mba hiara-mivoatra. Ahoana ny fomba fitantanana araka ny tokony ho izy ny fotoam-pitenenantsika mba hitantanana tsara ny raharaha ara-pitantanana ao anatin’ny kômity?

## Avy amin'ny firesahana mankany amin'ny resadresa-poana?

Ny sasany mety hahita izany ho filalaovan-teny tsotra, ny hafa kosa hihevitra fa misy karazana fitovian-kevitra satria samy manondro ny fampiasana ny teny ireo teny roa ireo... Kanefa ny Fiangonana Advantista dia Fiangonana izay miteny betsaka ary indraindray aza diso betsaka loatra, sa tsy izany?

Zava-dehibe ny fahaizana mitantana ny fitenenana sy ny fahaizana mitandrina, mba tsy hahatonga ny tenin'olombelona hanolo ny Tenin'Andriamanitra eo anivon'ny Fiangonana. Mety misy fotoana ny olona, indrindra fa ny manam-pahaizana, maneho hevitra sy miezaka handika be loatra ny Soratra Masina, ka amin'ny farany dia ny feon'olombelona no heno ary mihakely hatrany ny fahenoana ny Tenin'Andriamanitra.

Hatramin'ny nanombohan'ny manam-pahaizana sasany, eny fa na teo anivon'ny teôlôjianina sasany aza, nanisy antony lôjika teo amin'ny famakiana ireo tantara ara-Baiboly, dia niafara tamin'ny fanalana ny lafiny ara-panahy tao amin'izy ireo izany ary vao maika nahatonga ny fiangonana ho foana fa tsy nameno azy. Nanilika ireo fanambarana ara-Baiboly ny tontolontsika lasa laika. Matao tsy miresaka momba an'Andriamanitra **intsony** isika, dia satria tsy miresaka **amin'**Andriamanitra intsony ary indrindra indrindra, satria tsy avelantsika hiresaka amintsika amin'ny alalan'ny Teniny Izy.

Voalamina ao anatin'ireto lafiny telo manaraka ireto anefa ny fitenenana:

- Iombonana;
- An'ny tena manokana;
- Araka ny rafi-pandaminana.

Fantatry ny tsirairay manomboka eo fa na eo aza ny fahalalahana amin'ny fanehoan-kevitra, dia tsy maintsy mianatra miteny amin'ny tenany sy mihaino ny hafa izy ireo. Zava-dehibe ny fifandraisana amin'ny hafa satria manamora ny fifandraisana ao anatin'ny vondrona izany. Ao anatin'ny fiarahamonin'ny finoana, dia mianatra avy amin'ny tsirairay isika mba hiarahana mivoatra, izany no tsara indrindra.

Ny fifandraisana amin'ny hafa no ahafahana manangana ny rafi-piarahamonina ao amin'ny Fiangonana. Miainga avy amin'ny tsirairay mankany amin'ny vondrona izany, ka mampitambatra ireo taranaka samihafa. Manana izany fiantsoana ny amin'ny fifampizarana ao anatin'ny izany ny Fiangonana mba hianarany mizara amin'ny ivelany. Ny fihaonana sy ny fifandraisana amin'ny hafa dia tonga tena ilaina mba hanamafisana ny rafitry ny fiangonana, izay olombelona aloha voalohany indrindra izay vao arapitantanana na ara-pandaminana. Avy amin'ny kalitaon'ireo fifandraisana ireo sy ny fomba fifandraisantsika no hahatonga ny fiarahamonina ho miorina na tsy mahomby. Ny fiainana manokan'ny tsirairay – mpianatra fa tsy mambran'ny fiangonana fotsiny – dia hisy fiantraikany eo amin'ny vondrona ary hamolavola ny hery miasa manginan'ny fiangonana eo amin'ny fiarahamonina. Mba hahatonga ny Fiangonana ho misy fiantraikany dia tsy maintsy mahay mitantana sy mandray ny fitenenany izy, ary ny fiteniny koa vokatr'izany.

Ny fomba fifampitondrantsika no mampisy lanjany ny fifandraisana ao anatin'ny fiangonantsika. Ny fanamarihana, ny fanehoan-kevitra amin'ny lafiny manokana, ny fomba fitantanana ny adihevitra ampahibemaso, indrindra ny adihevitra mifanohitra, ny fidokafana, ny fanakianana, ny fankasitrahana, ny hevitra samihafa, sns, no milaza raha toa ka mifankatia isika, na misy matetika aza ny tsy fitovian-kevitra momba ny raharaha tsy goavana. I Jesosy mihitsy no mangataka fifandraisana matanjaka, izay manaja Azy:

*“Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo*



*kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro  
ianareo, raha mifankatia.” (Jaona 13:34,35)*

Ny fijoroana ho vavolombelona tsy am-bava mahery vaika indrindra dia ny fitiavana misy ao amin'ny fiangonantsika. Resy lahatra aho fa hanohy hanome sakafo ho an'ny saintsika sy hameno ny fontsika ny tenin'Andriamanitra mba hahatanteraka izany. Moa tsy izany ve no fomba hafa hifandraisana *ao amin'ny* Fiangonana sy *momba* ny Fiangonana?

## **Ny Fiangonana sy ny haino aman-jery**

Misy koa ny karazana fifandraisana hafa: ny haino aman-jery!

Tsy azo lavina fa mifanaraka amin'ny fampiasana ny haino aman-jery ny Fiangonana Advantista.

**Ny onjam-peo**, eo ambany fiandraiketana ny *Adventist World Radio* (AWR), dia miasa mafy hampitana ny Vaovao Mahafaly momba ny famonjena sy ny fanantenana sambatra ny amin'ny fiverenan'i Jesôsy. Misy ireo lehilahy sy vehivavy manolo-tena manokana amin'ny iraka izay manohana ity fomba fifandraisana ity ary maro ny fanatitra voangona tsy tapaka izay natao mba hividiana fitaovana vaovao sy hanitarana ny faritra takatry ny onjam-peo.

**Fahitalavitra.** Amin'ny alalan'ny *Hope Channel, Adventist News Network, It Is Written*, sy ireo maro hafa no hananan'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito fahafahana mandefa fandaharana manerana izao tontolo izao. Na amin'ny alalan'ny zanabolana na amin'ny Aterineto, dia misy ireo andrim-pampielezana maro toy ny *3ABN* na ny *Adventlife media* sy ny *Espoir Media* izay mitondra ny Filazantsara mandrakizay any amin'ireo kaontinanta samihafa.

Ao amin'ny Ranomasimbe Indianina eo anivon'ny Fivondronambe, ny *Hope Channel Indian Ocean* dia manolotra fandaharana maro samihafa amin'ny teny malagasy, frantsay ary anglisy ho an'ireo izay monina amin'ity faritry ny tany ity na koa any an-kafa. Tena mahatoky amin'ny fanarahana ny fandaharana ao amin'ny faritra ireo Advantista manerana ny tany izay avy ao amin'ny Ranomasimbe Indianina. Tsy latsa-danja amin'izany ny nosy Maorisy sy La Réunion, ary manolotra fandaharana mifanandrify amin'ny fahafaha-manao takatry ny olombelona sy ny ara-bola koa ny tranonkalan'ny federasiona eo an-toerana. Misy ny finjavana lehibe hampandroso ny fampianarana ara-Baiboly izay manohana ny Filazantsara mandrakizay.

**Ny famoahana asatoratra.** Na an-taratasy izany na an-tserasera, dia mamoaka asatoratra betsaka ny Fiangonana Advantista. Mety tsy ho hita amin'ny fiteny rehetra izany, nefa miezaka izy mba hahatonga ny Tenin'Andriamanitra ho azo amin'ny fiteny maro araka izay azo atao. Araka ny filazan'ny Biraon'ny Firaketana sy ny Antontan'isa ary ny Fikarohana, dia fiteny maherin'ny 500 no ampiasaina ao amin'ireo asatoratra advantista. Tena mety indrindra araka izany raha manokana loharanon-karena sy ezaka betsaka ny fiangonana maneran-tany mitsangana any amin'ny firenena 200 mahery, tsy ho an'ireo mambra ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ihany, fa indrindra indrindra ho fanatanterahana ny iraka ara-pilazantsara sy hitoriana amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokon-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra (Apokalypsy 14:6).

Ny fantsona fampielezana hafa, izay hampitana ny Vaovao Mahafaly amin'ny endriny maro, dia antsoina hoe “tambajotra sosialy”. Na aiza na aiza ahitana ireo

fiangonana eo an-toerana, ireo federasiona, ireo fivondronambe, eny fa na dia ny Foibe Manerantanin'ny Fiangonana sy ireo Divizionany telo ambin'ny folo aza, ao amin'ny Facebook®, Instagram®, Snapchat®, Twitter®, sns., dia torina amin'izao tontolo izao ny filazantsaran'ny fanjakana ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra (Matio 24:14).

Ny Fiangonana izay resy lahatra amin'ny fiantsoana azy ara-paminaniana, ary entanin'ny hafatra ara-paminaniana, dia hahafantatra ny fomba hampitana ny Filazantsara mandrakizay amin'ny vanim-potoana ara-paminaniana sy ny andro farany...

## Famaranana

Na inona na inona fitaovam-pifandraisana novolavolaintsika teo amin'ny tantaran'ny fiarahamonina, dia eo amin'ny fomba ifandraisantsika no iankinan'ny zava-drehetra. Nivoatra ny fomba azo ampiasaina, saingy indraindray tsy naka fotoana hanaovana fandinihan-tena sy hiovana isika, izay tsy manampy antsika hampihatra fifandraisana tsara. Tsotra sady mora ny dingana miainga avy amin'ny fahalalana ho amin'ny fahaiza-manao, saingy avy eo amin'ny fahaiza-manao mankany amin'ny fahaiza-miaina dia mila mandroso isan'andro ho voninahitr'Andriamanitra isika.

Enga anie ny Tompo hanampy antsika, Izy ilay Andriamanitra Matoanteny, ilay Andriamanitra Teny, manam-pahaizana mandrakizay amin'ny fifandraisana, izay manana hevitra ara-pamoronana ka nanao izany tao anatin'ny teny sy nahatanteraka izany, mba hanatsarana ny fifandraisantsika amin'ny fitoriana ny filazantsara sy ny fanatanterahana ny iraka! Enga anie ny Fiangonana hanome feo sy hanambara ny Teny mahery avy amin'ilay Andriamanitra mahery.

### Saintsaino:

1. Toerana fianarana ny fahaizana miteny tsara ve ny Fiangonana?
2. Nivoatra ny Fiangonana Advantista teo amin'ny fomba ifandraisany amin'izao tontolo izao. Miombon-kevitra amin'izany filazana izany ve ianao?
3. Mety hanimba ny fifankahazoana eo anivon'ny vondrona ny fampiasana tsy ara-dalàna ny teny. Andeha isika haka fotoana hanombantombanana ny tenantsika mba hamerenana ny kalitaon'ny fiangonana eo an-toerana.

*Antom-Bavaka:*





## NY FILAZANTSARA MANDRAKIZAY



y antom-pisian'ny Fiangonana dia ny hanambara ny Vaovao Mahafalin'ny famonjena ao amin'i Jesôsy!

### **Ny baikon'ny iraka**

Mino ny fiantsoana azy ara-paminaniana ny Fiangonana Advantista. Noho izany, resy lahatra amin'ny iraka nampanaovina azy izy, dia ny hitory ny Filazantsara mandrakizay amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena rehetra.

Marina fa miankina amin'ny baikon'ny iraka nomen'i Jesôsy izany iraka izany. Mitantara ny zava-niseho fototra niorenan'izany fihetsehana izany i Matio izay mpanoratra ny filazantsara:

*“ Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.” (Matio 28:18–20)*

Ny iraka no antony isian'ny Fiangonana!

Tsy mifanaraka amin'ny iraka ny toe-tsaina mitady hanamarina ny fihemorana. Rehefa very ny toe-tsaina misiôneran'ny Fiangonana, dia lasa milatsaka amin'ny toe-tsaina *demisiônera* [mametra-pialana] izy. Mba handrosoan'ny Fiangonana amin'ny iraka, dia tsy maintsy tafalatsaka tsara ao an-tsain'ny mambra tsirairay ao aminy ny hevitra hoe miorina eo amin'ny baiko iray izany iraka izany. Tsy milaza i Jesôsy hoe safidy ny iraka. Noho izany, ilaina ny mahatakatra tsara ny antom-pisian'ny mpianatra iray, amin'izao ankehitriny izao mihoatra noho ny hatramin'izay. Ny atao hoe mpianatra dia izay nanapa-kevitra ny hanaiky an'i Jesôsy ho Mpamonjy sy Tompon'ny fiainany. Ary vonona ny hankatò io Tompony io izy!

Tokony hazava ao an-tsain'ny mpianatr'i Jesôsy rehetra ny tanjon'ny nanorenana ny Fiangonana. Isika tsirairay avy dia afaka miditra amin'ny fanaovana asa misiônera mavitrika amin'ny alalan'ny filazana amin'ny tenantsika fa miantehitra amintsika Andriamanitra amin'izany. Andeha hofintinintsika ny zavatra ankinin'Andriamanitra amin'ny olony ho asa fanompoana ataony:

- Fanompoana an'Andriamanitra (fiankohofana - fahatokiana - fitiavana)
- Fanompoana ny hafa (fandraisana - firahalaliana - fitiavana)
- Fanompoana an'izao tontolo izao (fitoriana - famonjena - fampaherezana)

Io toe-tsaina vaovao io dia itoeran'ny fiahiana ny amin'ny famonjena ny hafa, ny

olona akaiky antsika, ny namantsika, ny mpiara-miasa amintsika, ny mpifanolobodirindrina amintsika, ireo rehetra apetraky ny fiainana eo amin'ny lalantsika isan'andro. Alaivo sary an-tsaina hoe manana ny vahaolana amin'ny toe-javatra iray izay mampahory ny iray amin'ireo namanareo ianareo. Alaivo sary an-tsaina hoe manana ny fanafodin'ny aretina mahazo ny havanareo iray ianareo, nefa tsy manao na inona na inona mba hanomezana azy izany. Ny fitazonana ny vahaolana amin'ny olan'ny faharatsiana sy ny fijaliana ary ny fahafatesana mandrakizay ho tsiambaratelo dia ny tsy fanaovana na inona na inona hanampiana ny hafa hahita ny tena hevitra ny fiainana.

Manana ny fahafahana mieritreritra ve isika fa manan-danja kokoa noho ny iraka hafa rehetra eto an-tany ny iraka ara-pilazantsara? Resy lahatra ve isika fa ny asa hahazoana fanahy ho an'ny fanjakan'ny lanitra no asa tsara indrindra sy mendrika indrindra? Tsy maintsy atao ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra mialoha ny iafaran'izao tontolo izao ny Vaovao Mahafalin'ny fanjakana.

## **Manao mpianatra**

Matoa tsy hitan'ny mason'ny Fiangonana intsony ny iraka dia satria “mpikambana” ihany sisa no ananany fa tsy mpianatra...

Izany no didy nomen'i Jesôsy an'ireo izay niaraka taminy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany. Mazava ho azy fa tsy ho eto isika hieritreritra hitady fomba hanatsarana ny fanoloran-tena misy ao amin'ny Fiangonana raha toa ka io vondrona io ihany no voakasik'izany iraka izany. Ny mpianatra iray dia mianatra avy amin'ny Mpampianany, vonona ny hanaraka azy, mampihatra ny tolo-keviny amin'ny tsipiriany rehetra ary miaina amin'ny fomba mifamatotra amin'izay nofaritan'ny Mpampianany ho soatoavina maharitra amin'ny fifandraisana mampiray azy ireo.

Raha jerentsika akaiky ny fomba fiasan'i Jesôsy, dia nanao mpianatra izy tamin'ny alalan'ny fampiasana fomba toa tsotra amin'ny voalohany, nefa mitaky fahazavan-tsaina, fandresen-dahatra, faharetana ary indrindra indrindra fanetren-tena.

*Manangona:* Nifidy ny mpianany i Jesôsy, ary niantso azy ireo hanaraka azy. Nisy ireo te hanaraka Azy, nefa tsy nentinao tao anatin'ny vondrony. Nangoniny ireo izay nahafeno ny fepetra mombamomba ny maha-mpianatra. Tsy hoe te hampiditra ny hevitra momba ny fisian'ny karazana lahatra aho amin'ny filazana izany fa miresaka kokoa aho momba ny fahavononana hanara-dia an'i Jesôsy; ary izany no mbola tadiavin'Andriamanitra ankehitriny amin'ny lehilahy sy vehivavy tsara sitrapo.

Mba ahafahana manangona, dia ilaina ny fahaizana misarika amin'ny alalan'ny toe-tsaina mitaratra ny firaketam-pontsika amin'i Kristy sy ny teniny ary ny fomba fiasany ara-pifandraisana. Azo antoka fa efa voafehintsika ny teôria, raha ny hevitra manokana, fa ny fampiharana azy sisa no ilaintsika. Araka izany, anjarantsika ny manatona ny mpiara-belona amintsika mba hahafantatra azy ireo eo amin'ny tontolo misy azy, ny sehatra iainany, mba hahafantatra ny fahazarany, ny zavatra tiany ary mba hianatra hitia azy ireo tsotra izao.

*Mandrisika:* Nahay nandrisika ireo izay nantsoiny hanaraka azy i Jesôsy. Ny mpianatra dia voatosika hatrany amin'ny fahatsapana fa tsy fiantsoana tsotra ny fiantsoana azy. Matoa hadinon'ireo mambran'ny tenan'i Kristy fa mpianatra koa izy ireo, dia satria tsy manana antony manosika lalina intsony izy ireo. Mila mahita izany indray izy ireo raha te hanatratra ny tanjona napetrak'i Jesôsy ho azy.

*Manofana:* Azo antoka fa naka fotoana i Jesôsy nanofanana ireo mpianany, sady nampianatra azy ireo hiresaka momba ny fanjakan' Andriamanitra. Matoa misy ny filazantsara hovakin'ny olombelona dia satria izy ireo nitandrina sy nitadidy tsara ny tenin'ny Mpampianany. Tena ilaina ny fanofanana amin'ny iraka na ho an'ny mpianatra efa tranainy na ho an'ny mpianatra vaovao, satria tsy mifidy taona ary tsy misy fetran'ny fanoloran-tena amin'ny iraka. Mihoatra lavitra noho ny taranaka mifandimby ny iraka, ka izany no antony ilana ny fanofanana, fampifanarahana, fanavaozana ny fomba fiasa mba hahatonga ny Vaovao Mahafaly momba ny famonjena ho manan-danja ho an'ny mpiara-belona amintsika. Mitaratra ny fanokanana koa ny fanofanana mitohy.

*Manentana:* Satria mikendry ny firenena, ny fiteny, ny vahoaka ary ny kolontsaina rehetra ny baikon'ny iraka, dia tsy maintsy mitoetra hatrany ny fanentanana. Tsy milavo lefona mihitsy ireo mpianatra izay manatanteraka iraka ary izany no mariky ny fahaveloman'ny fanoloran-tena. Raha hitan'ny mpiara-belona amintsika fa mandray ny iraka ho zava-dehibe ny Kristianina ary manokan-tena amin'izany amin-kafanam-po sy fahazotoana, amin'ny finiavana tsy mety lavo, dia hanontany tena izy ireo hoe inona no ao ambadik'izao fientanana lehibe izao.

*Mitahiry:* Hita mazava tsara ny fangatahan'i Jesôsy ny mba hanaovana batisa ny mpianatra, sy hampianarana azy ireo ny teniny sy ny fitsipiky ny fitondran-tena nampianariny. Tsy misy azo isalasalana mihitsy. Ny iraka nankinina tamin'ny Fiangonana dia ny fandraisana, mazava ho azy, ary koa ny fampianarana, ny fizarana mazava sy azo vakina ny tetikasa masina ho an'ny zanak'olombelona.

Ny fitehirizana dia mitaky fahendrena, fahaiza-mandanjanja, fifehezana ary fahaiza-mandinika. Tsy misy heviny ny fanaovana mpianatra raha toa ka handeha fotsiny izy ireo avy eo, noho ny tsy fahampian'ny fototra ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny fampiasana ara-panahy ary ny fijoroana ho vavolombelona momba ny soa avy amin'Andriamanitra. Mbola betsaka loatra ireo olona very ao anatin'ny taona voalohany amin'ny fanoloran-tenany (eo anelanelan'ny 47 sy 49% ao amin'ny fiangonana maneran-tany).

Manomboka ao an-tokantranontsika ny fanaovana mpianatra. Betsaka ireo fiangonana izay mihantitra, indrindra any amin'ireo firenena mandroso sy firenena tsy mivavaka. Nijanona tao amin'ny Fiangonana ny mambra sasany, saingy tsy nanaraka azy ireo ny zanany, ary ny zafikeliny koa vokat'izany. Raha tsy mifidy taona ny fitiavana ny fiainana sy ny fahafantarana izay tadiavin'ny tena, dia tsy mifidy taona koa ny fahatongavana ho mpianatr'i Jesôsy Kristy.

Mbola mankasitraka ny ray aman-dreniko aho tamin'ny zavatra nataony ho ahy tamin'ny fizarana ny Filazantsaran'ny famonjena tamiko. Nangataka tamin'ny Tompo mandrakariva aho ny mba hananako sy hananan'ny vadiko ny aingampanahy ilainay mahalalanay ny fomba fampitana io Filazantsara io amin'ny zanakay. Tsy azoko sary an-tsaina mihitsy izany fiainana feno fanantenana izany raha tsy ao ny ankohonako. Te hizara ny Filazantsara ho toy ny lovan'ny fianakaviana aho, ho soatoavina azo antoka ampitaina amin'ny taranaka fara mandimby, eo ampiandrasana ny fiverenan'ny Tompo.

## **Fanatrehana manamasina**

Mifanitsy amin'izay nantenain'Andriamanitra tamin'ny vahoakan'Isiraely ny Fiangonana, araka ny voafaritra ao amin'ny Testamenta Taloha. Andeha

hojerentsika akaiky ny fiantsoana voalohany. Teo am-pototry ny tendrombohitra Sinay no nanombohan'izany rehetra izany, teo amin'ny ivon'ny fanekena mihitsy. Miantso ny vahoaka Andriamanitra mba ho amin'ny fiaraha-miombona antoka sy ho fijoroana vavolombelona amin'izao rehetra izao: *“Koa ankehitriny, raha hihaino ny feoko tokoa ianareo ka hitandrina ny fanekoko, dia ho rakitra soa ho Ahy mihoatra noho ny firenena rehetra ianareo; fa Ahy ny tany rehetra. Dia ho fanjaka-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo. Ireo teny ireo no holazainao amin'ny Zanak'Isiraely.”* (Eksôdôsy 19:5,6) Holazain'i Isaia mpaminany aty aoriana fa vavolombelon'i Jehovah ny vahoaka.<sup>8</sup> Mazava ny drafitr'Andriamanitra: voafidy hamirapiratra eo anoloan'ny firenena ny vahoaka. Tsy hoe fahitana elitista, materialista na filozofika izany, fa fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fisiana sy ny asa feno famindram-pon'ilay Andriamanitra mpamorona sy mpanavotra.

Mampianatra lesona mitovy amin'izany koa ny Testamenta Vaovao:

*“Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, «fanjaka-mpisorona, firenena masina», olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga; dia ianareo izay tsy firenena akory fahiny, fa ankehitriny efa olon'Andriamanitra; izay tsy namindrana fo, fa ankehitriny efa namindrana fo.”* (1 Petera 2:9,10)

Nyapôstôly Petera diamamoakany hevitra mombany tombontsoa sy ny fahasoavana ao amin'ny fiantsoana ny vahoakan'Andriamanitra, ny vahoakan'ny fanekena, ny olona mavitrika amin'ny fanambarana ny famindrampon'Andriamanitra.

Ao amin'ireo andalana roa izay manasongadina fa an'ny Tompo ny vahoaka, dia mahita singa lehibe vitsivitsy isika:

- Andriamanitra no miantso;
- Andriamanitra no manome ny maha-izy azy ny olona;
- Andriamanitra no mamonjy ny olona amin'ny toe-javatra tsy misy fanantenana;
- Andriamanitra no manome hoavy ho an'ny olona;
- Ny iraky ny olona dia ny hisolo tena an'Andriamanitra eto an-tany.

Ny fanekem-pihavanana amin'ny Tompo dia tsy maintsy mitondra ho amin'ny fijoroana ho vavolombelona: mamorona izany Izy, mitaky izany Izy. Ny olona manao fanekem-pihavanana amin'Andriamanitra dia tonga misiôneran'ny fahasoavana. Tonga vavolombelon'ny fahasoavan'Andriamanitra izay tia sy mamonjy ny mpianatra.

Miantehitra amin'ny tanora kristianina Andriamanitra mba hampita ny Vaovao Mahafaly amin'ny namany. Manasa anareo Izy hizara ny filazantsara amin'ireo izay manao fanatanjahan-tena, manao mozika, mihanika vato na manao *ski* andrano ao anatin'ny tontolo iainana mitovy aminareo. Mangataka ireo mpianatra Izy mba hijoro ho vavolombelona eny amin'ny toeram-pianarana, any amin'ny toeram-piofanana. Milaza amin'ireo tompon'andraiki-panjakana Izy mba tsy hanafina ny finoany; amin'ny dokotera, amin'ny mpisolovava, amin'ny vehivavy mijanona ao an-trano rehefa avy nitondra ny zanany any an-tsekoly, na rehefa mandeha eny an-tsena eo amin'ny manodidina azy. Betsaka ireo fahafahana

<sup>8</sup> Isaia 43:10; 44:8.

atolotr'Andriamanitra antsika isan'andro isan'andro... Mihaona amin'ny olona sasany tsy tapaka ianareo: ampiasao ireo fomba fifandraisana rehetra hitoriana ny famonjena ao amin'i Jesôsy!

Fantatr'Andriamanitra ny antony iantsoany anareo amin'izay misy anareo, ary azo antoka fa noho ny toetranareo, ny fahalalahanareo ary ny karazana fifandraisana azonareo hampivoarana izany. Alaivo sary an-tsaina hoe farafaharatsiny misy olona iray amin'ny manodidina anareo tonga any amin'ny fanjakan'ny lanitra ary milaza aminareo fa noho ny fijoroanareo ho vavolombelona no niantombohan'ny fanandramany ara-panahy! Endrey ny hafaliana hifampizaranareo amin'izay! Koa aza misalasala mamaly isaky ny miantso anareo hijoro ho vavolombelona ny Tompo. Ambonin'izany, miantso antsika rehetra Izy ary manamafy izany tsara ireto sary roa manaraka ireto.

## Fanasin'ny tany

Manana fahitana voafaritra mazava tsara momba izay andrasany amin'ny mpianany i Kristy: *“Hianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin'ny olona.”* (Matio 5:13) Mampiasa ny sarin'ny fanasina na sira i Jesôsy mba hiresahana momba ny fitoeran'ny mpianany eto an-tany, eo am-piandrasana ny fiverenany. Tetsy andanin'izany, nasehony mazava tsara fa tsy afaka ny ho tsy misy tsirony ny mpianany, satria tsy afaka manome izay tsy ananany. Ny fijoroana ho vavolombelon'ny fahasoavana miasa eto amin'izao tontolo izao dia mandalo amin'ny fijoroana ho vavolombelon'ny fiainana iray novan'i Kristy.

Tianareo ve ny sakafo tsy misy sira? Raha izaho manokana dia aleoko sakafo misy sira amin'ny antonony. Lazaina fa ny olona be fitiavana, hono, no manisy sira betsaka amin'ny sakafony. Manana namana vitsivitsy aho izay tena tsy miraviravy tanana amin'ny fanisiana sira rehefa mahandro sakafo, ary nisangisangy tamin'izy ireo aho hoe tena mifankatia izy ireo... Na dia zavatra mahafinaritra aza ny fitiavana, dia mety hanimba ny fahafinaretana sasany ny sakafo masira be loatra. Ilaina hatrany ny mikatsaka ny fifandanjana, indrindra amin'ny zavatra tsara.

Sarotra ny mandà ny maha zava-dehibe ny sira eo amin'ny sivilizasionan'ny olombelona. Nampiasaina nandritra ny an'arivo taonany maro izy io mba hanomezana tsiro, hanasitrana, hanadiovana ary hitehirizana. Amin'ny fihainoana an'i Jesôsy no ahitantsika fa ny Kristianina no siran'ny sivilizasiona olombelona. Saingy, mampianatra zavatra voafaritra mazava tsara i Jesôsy amin'ny alalan'io fanoharana misy heviny roa amin'ny ara-pifandraisana sy ny ara-panahy io. Mampirisika ny fahafahana matoky sy ny fahamarinan'ny fijoroana ho vavolombelona izy. Tsy misy toerana omena ho an'ny fakana tahaka na ny fihatsarambelatsihy. Ny fakana tahaka no fanehoana fandokafana mahery vaika indrindra, izay endrika fihatsarambelatsihy.

Zavatra tsara ny sira. Mahaso azy io, araka ny voalaza etsy ambony. Na izany aza, ny sira be loatra dia manimba, satria rehefa masira loatra ny sakafo dia tsy ankafizina ary raha tokony hisy ny fiaraha-mientana, vazivazy tsara ary fandevonan-tsakafo tsara, dia hisy ny trangan'ny fandavana. Ny sira no mitsonika any anaty sakafo. Tsy ny sakafo no mitsonika ao anatin'ny sira. Manana iraka ny Kristianina hanome tsiro ho an'izao tontolo izao, hanome kalitao, tsiro, fahamboniana ary fahamendrehana. Ny hoe fanasin'ny tany dia tsy midika hoe levona tsy misy

intsony. Tsy hita intsony ny sira rehefa afangaro amin'ny sakafo, fa azo fantarina ny misy azy, hita isaky ny mihinana indraim-bava izy ary ny sira no mahatonga antsika hankafy ny saosy, lasary, sns, izany hoe, ny sakafo isan-karazany hita eny ambony latabaty ny mpihinana rehetra. Mba hampahomby ny sakafo dia mila fantarina ny fatran'ny fangarony ampiasaina, ary anisan'izany ny sira. Ahitana fahaizana mandanjalanja, tanana malady, fahaiza-manao ary indrindra indrindra fahaiza-miaina izany... Asaina, araka izany, ny Kristianina mba handanjalanja ny sira tokony hampitainy amin'ny tontolo iainany, mba hialana amin'ny fikatonana na ny fandavana izay tiany hozaraina amin'ny anaran'i Kristy.

## **Fahazavan'izao tontolo izao**

Mampiasa sary iray manan-danja hafa i Jesôsy, ao anatin'ny tontolon-kevitra ny iraka, mba hilazana ny maha zava-dehibe ny fijoroana ho vavolombelona ataon'ny mpianany:

*“Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.”* (Matio 5:14–16)

Fahazavan'izao tontolo izao! Mpamari-toetra manao ahoana re izany! Ary tahaka ny amin'ny fanasina, fahaikana manao ahoana re izany!

Manana iraka ny Fiangonana hampampirapiratra ny fahazavan'ny Filazantsara ao anatin'ny haizina. Maro ireo onjan'ny filôzôfia sy fivavahan-diso isan-karazany nandrakotra ny fiaraha-monina misy antsika ka tsy afaka mahita ny hazavana mivantana avy any an-danitra intsony izy. Izany angamba no nahatonga an'i Jesôsy nilaza tamin'ny mpianany fa anjaran'izy ireo ny manazava ny tany. Tsy afaka mamela ny tenany hisalasala, na ho sadaikatra, na hanao tsinontsinona ny Kristianina amin'ny iraka nomena azy, dia ny hamirapiratra ho an'i Jesôsy. Tsy manan-jo hilaza zavatra vinavinaina, na maizina, na tsy mirindra ary tsy ara-dalàna koa izy ireo amin'ny fanehoana ny finoany. Ny finoana miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra no hahatonga antsika ho mpitondra fahazavana, ho jiro apetraky ny Mpampianatra eo amin'ny fiaraha-monina izay tsy mbola mahafantatra ny zavatra tena ilaina hatramin'izao.

Kanefa, zava-dehibe ho an'ny Fiangonana ny manamarina ny fomba fampitany io fahazavana io. Ny haizina be loatra, hono, ary koa ny hazavana be loatra dia tsy voatery hitondra soa ho an'ireo izay mandray azy. Miaina izany isika ao antokanrontsika rehefa misy efitrano misy hazavana be loatra, na rehefa misy jiro apetraka amin'ny fomba izay manjary manelingelina. Fantatsika koa fa tsy ankasitrahana mandrakariva ny hazavana be loatra ivelan'ny trano. Raiso ohatra ny jiron'ny fiara. Tena ilaina ny jiro rehefa mandeha amin'ny lalana maizina isika, ary tsy misy olona eo alohantsika, nefa mety hanjary hanelingelina, na hampidi-doza mihitsy aza izany, rehefa misy fiara roa mifanena. Misy ny mpamily sasany manadino ny mampidina ny hazavan'ny jiron'ny fiarany ka miteraka toe-javatra mahamenatra na manala baraka. Ny mpianatra misiônera dia sady tsy manavakavaka antokom-pivavahana no tsy manana firehetam-po diso tafahoatra.



Tsy manery ny fandraisana ny “fahamarinana” izy, fa mamela ny Fanahy Masina hitarika azy amin’ny fomba fampitana ny Filazantsaran’ny famonjena ao amin’i Jesôsy Kristy.

Fantatry ny Kristianina izay tokony hozarainy amin’ny hafa, ary eo ambany fitarihan’ny Fanahy, dia mianatra izy hoe “ahoana” ny fomba hizarana izany ...

### **Famaranana**

Napetrak’Andriamanitra ny Fiangonana mba ho fanilo eo amin’izao tontolo izao hanazava izao tontolo izao. Ny Fiangonana dia tsy antsoina hitory ny fahamarinana amin’ny tenany, na hikombona hiaina ao amin’ny tenany ihany, sy hanao soa ho an’ny tenany ihany isaky ny Sabata ary hanadino ny antom-pisiany fototra nahatonga azy teto amin’izao tontolo izao.

Tsara ny hazavana, saingy raha tsy mifanaraka amin’ny toe-javatra misy izany, dia mahamenatra, ary miteraka ny trangan’ny fandavana kokoa mihoatra noho ny fanekena. Raha terena horaisina izy, raha manjary masiaka na manana firehetampo diso tafahoatra, raha toa ka mitaratra fihenjanana mibaiko ny fitondran-tena izy fa tsy fahaizana mitandrina amin’ny fitondran-tena, dia ahiana ho ratsy ny fiheverana azy ka ho ratsy koa ny fandraisana azy vokatr’izany... Tahaka izany koa ny amin’ny fanasina na ny sira.

Noho izany, manoloana izao tontolo izao izay mila fahasoavana, mila mandre ny Vaovao Mahafaly momba ny famonjena azy, moa ve isika tsy te hilaza hoe “Aoka ny Teny hanakoako ho famonjena ny zanak’olombelona!”

#### **Saintsaino:**

1. Manana kaonty amin’ny tambajotra sôsialy ve ianao?
2. Moa ve ny fiangonana misy anao “mifandray” mba hanokafana varavarankely ho an’izao tontolo izao?
3. Heverinao ve fa mampiasa tsara ny teknôlôjian’ny fampahalalam-baovao nomerika ny Fiangonana Advantista mba hitoriana ny filazantsara mandrakizay amin’izay monina ambonin’ny tany rehetra?

*Antom-Bavaka:*

